## MANERINERINA (RN6) 5

# ZAZAFOTSY 7 NIKASA HANAFIKA TOBIN'NY ZANDARY MATY

## MARINA IZANY ! 8
EFA NAMPOIZINA... !

## MORAMANGA 10
VELARAN-TANY 64 HA NOHAJARIAN'AMBATOVY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7565 | Taona faha-25 | Vidiny: 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Alarobia 10 may 2023


## "FokonOlona 47" 11
HANOME OHATRA AZO AMPIHARINA AMIN'NY FAMPANDROSOANA

## MIALY RAKOTOMAMONJY 6



MITETY TANANA MARO ANY EOROPA

## MINISITRA LALATIANA RAKOTONDRAZAFY 8



# "TSY MANANA ERITRERITRA HAMETRAKA TETEZAMITA NY FITONDRANA"

## TAFATSANGANA NY JOURNALISTE BASKET CLUB 3

## Fantina 11
IREO SAKAFO MANASITRANA NY TAOVA

## KARATÉ - ÉMILE RATEFINANAHARY 2

# NANKATOAVIN'NY MJS SY NY FEDERASIONA IRAISAM-PIRENENA



## KUNG FU / 43 TAONA 2




AN'ARIVONY NY MPIKATROKA NANOME RA


TOMBOLA SOMAROHO

ALEFASO SMS @

038 88 811 11

« SOMAROHO ANARANA FENO »

1 SMS = 1 000 Ar | Fisarihana lehibe ny 13 Aogositra 2023

Photos non contractuelles

Sponsor officiel :

Telma

SEL/037

G CL 500/24-8

Karate - Emile Ratefinanahary

# Nankatoavin'ny MJS sy ny Federasiona Iraisampirenena



Nandritra ny fampahafantarana ny fijoroan'ny FMK ara-dalàna omaly tetsy Mahamasina.

Ny federasiona notarihan'i Emile Ratefinanahary no nahazo fankatoavana tamin' ny Federasiona Iraisampirenena. Nampahafantariny sy nasehony omaly tetsy amin'ny efitrano fivorian'ny Barea Mahamasina ny antontan-taratasy mahakasika izany. Nambarany fa tamin'ny 26 avrily teo no nivoaka ny "certificat de conformité" SG teo anivon' ny MJS sy ny « attestation de fonction » avy amin'ny DGS. Ny alatsinainy 8 may teo kosa no tonga ny taratasy avy amin'ny Federasiona Mondialin'ny Karate (WKF), izay manala ny sazy sy mankato an-dRatefinanahary Emile ho filohan'ny Federasiona Malagasin'ny Karate-Do. Natao izao fihaonana amin'ny mpanao gazety izao, hoy hatrany ny filoha Emile, hampahafantarana ny mpikatroka sy mpitia ary ny manam-pahefana rehetra, fa mijoro aradalàna sy ara-panjakana ny federasiona malagasin'ny karate-do. Tsiahivina fa tamin'ny 23 desambra no voasazy ny FMK saingy afaka mandray anjara amin' ny hetsika iraisampirenena kosa ny karateka. Na teo aza izany, niezaka nikarakara fifaninanana ny federasiona, ary efa nahavita fampivondronana in-5 izy ireo hatreto. Anisan'ny handray anjara amin'ny Lalaon'ny Nosy rahateo ny taranja Karate, hisy ny fifaninanana "amboaran'ny filoha", hotanterahina amin' ny 25-28 may izao etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina. Aorian'io, hamoaka ny isa ho an'ireo karatekas ny kaomisiona teknika, hamoahana ny ekipam-pirenena. Atleta hatramin'ny 1200 no andrasana amin'io fiadiana ny amboaran'ny filoha io, izay manomboka amin'ny 6 hatramin'ny 91 taona. Mialoha ny fifaninanana, hisy ny fampiofanana ny 25 sy 26 may, arahin'ny lanonam-panolorana mariboninahitra ho an'ireo Raiamandreny nahavita be teo amin'ity taranja ity amin'ny 27 may. Tsiahivina fa manana Minisitera mpiahy roa ny FMK amin'ny JIOI.

**Rabenaivo**

Kung - Fu /43 taona

# Mpikatroka an'arivony no nanome rà ny mpiara-belona aminy

1980-2023. 43 taona amin' ity no nampidiran'i Grand Maître Pierre Mizael "Pierre Be" ny Kung-fu voalohany teto Madagasikara. Tamin' ny alalan'ny fanomezan-drà ireo vahoaka malagasy tany amin'ireo tobim-pahasalamana manerana ny Nosy no nanombohana izany, ka mpanao Kung-fu 2000 avy eto Analamanga, Boeny, Itasy, Bongolava sy ny faritra maro no nanome rà. Ho an'Analamanga, tetsy amin'ny Hopitaly HJRA Ampefiloha, no nanatanterahana izany, tamin'ny asabotsy lasa teo. Somary nisy olana kely kosa ny tany amin'ny faritra hafa, noho ny tsy fahampian'ny paosin-drà tamin'ireo tobim-pahasalamana, satria betsaka ireo mpanao Kung-fu no tonga te hanavotra ny mpiray tanindrazana aminy. Hotohizana amin'ny fitetezamparitra ny taom-pankalazana, araka ny nambaran'ny Grand Maître Avoko, Filohan'ny Federasiona ny Kung-fu, izay nitarika ny hetsika. Nohamafisiny fa miray feo tanteraka ankehitriny ireo mpanao Kung-fu fahiny sy ny amin'izao ary mafy ny firaisankinan'izy ireo. Fantatra ihany koa fa miverina ny "Mifohaza ry Gasy" ao amin'ny Pejy Facebook "Mifohaza ry Gasy", hanampiana sy hanomezana torohevitra ny malagasy amin'izao fahasarotan'ny fiainana sy fahasahiranana diavin'ny firenena izao. Tsiahivina fa anhetsiny ny isan'ny mpanao Kung-fu manerana ny Nosy. Anisan'ny fitsipika mifehy azy ireo ny tsy fahazoana mihinana sy mikasika zavamahadomelina. Hitohy kosa ny fitaizana, hoy ny Grand Maître Avoko, mba hanahana olombanona hoavin'i Madagasikara mahomby.

**Rabenaivo**




Ho fanavotana ny mpiray tanindrazana no anton'ny hetsika.

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

## FIHAONAN'NY TALE JENERALY MISAHANA NY PEDAGOJIA SY NY FIANAKAVIAM-BEN'NY FANABEAZANA AO AMIN'NY DISTRIKAN'I SAKARAHA

## FIZARANA TARATASY FIFANARAHANA ARAK'ASA HO AN'IREO MPAMPIANATRA VOARAY HO MPIASAM- PANJAKANA ANDIANY FAHASIVY SY FITOKANANA SEKOLY AVY AMIN'NY TETIKASA "PAEB"

***Laharam-pahamehana ho an'ny Fitondram-panjakana ny sehatry ny fanabeazana. "Fanabeazana ara-kalitao ho an'ny rehetra" io no velirano fahaefatry ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA ary manatanteraka izany ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena tarihin-dramatoa Marie Michelle SAHONDRARIMALALA.***

Mitana anjara toerana lehibe amin'izany ny fanomezan-danja ny lafiny maha olona dia ny fampidirana ireo mpampianatra ho mpiasam-panjakana sy ny fananganana fotodrafitrasa. Tanjona amin'izany ny famporisihana azy ireo amin'ny fanatanterahana ny adidy izay iandraiketany ary fanamaivanana ny vesatry ny ray aman-dreny ihany koa izany. Toy ny efa natao tany amin'ireo faritra hafa dia mitohy hatrany ny fandraisana ireo mpampianatra ho mpiasam- panjakana andiany fahasivy.

Taorian' ny distrikan'i Marolambo dia ny distrikan'i Sakaraha indray no notsidihan'ny delegasiona notarihan'ny Tale Jeneraly misahana ny pedagojia Andriamiakatsilavo RAONIHERIJAONA, izay nisolo tena an-dramatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena ny talata 09 may 2023. Arak'izany niatrika ireo atrikasa roa lehibe izay miompana indrindra amin'ny fampahafantarana ny zo fototra maha olona sy ireo lalàna mifehy ny asam-panjakana ireo mpampianatra voaray ho mpiasam-panjakana.

Taorian'izay notokanana tamin'ny fomba ofisialy ny sekoly izay ahitana efitrano fianarana miisa 2, dabilio ary trano fidiovana sy fotodrafitrasa ho an'ny olona manana fahasembanana. Vokatry ny fiaraha-miasa eo amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny mpiara-miombon'antoka amin'ny alalan'ny tetikasa « Projet d'Appui à l'Education de Base »





(PAEB) no nahazoana ireo fotodrafitrasa ireo. Nisitraka dabilio miisa 250 ihany koa ny fari-piadidiam-pampianarana Sakaraha. Tonga nitokana izany ny Tale Jeneraly misahana ny pedagojia, izay nisolo tena an-dramatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, ireo tale vitsivitsy eo anivon'ny Minisitera foibe notronin'ireo olom-boafidy sy olom-boatendry ao an-toerana. Nandritra ny lahateniny dia nisaotra sy nankasitraka ny Fitondram-panjakana ny Tale Jeneraly misahana ny pedagojia ary notsindriany fa "tsy azo atao zanak'ikala hafa ny distrikan'i Sakaraha amin'ny fampandrosoana fa indrindra amin'ny lafiny fanabeazana izay velirano fahaefatry ny Filoham-pirenena ka porofon'izany ireto fotodrafitrasa vaovao ireto. Manentana ny ray aman-dreny amin'ny fampidirana ny zanany an-tsekoly ny tenako".

**Taorian'izay mpampianatra miisa 134 avy amin'ny fari-piadidiam-pampianarana Sakaraha, Beroroha ary Ankazoabo no nandray**




**an-tanana ny taratasy fifanarahana arak'asa.** Naneho ny hafaliany ireo mpampianatra voaray ho mpiasam-panjakana ary nanome toky fa hanatanteraka antsakany sy andavany ny adidy izay iandraiketany ho fanasoavana ny zaza Malagasy tsy ankanavaka. Tetsy ankilany, nitsodrano azy ireo hahatontosa hatramin'ny farany ny adidy aman'andraikitra sahanin'izy ireo ho an'ny zaza Malagasy ny Tale Jeneraly misahana ny pedagojia.

Notanterahana nandritra io fotoana io ihany koa ny fanolorana bisikileta miisa 231 (82 ho an'i Sakaraha, 74 ho an'i Beroroha ary 75 ho an'Ankazoabo) ho an'ireo an'ireo mpianatra sangany sy mpampianatra mendrika indrindra tany an-toerana tamin'ny taom-pianarana lasa. Ankoatra ny fifandimbiasam-pitenenana dia nisy ny hetsika sy dihy nataon'ireo mpianatra sy mpampianatra nentina nanafana ny lanonana.

Hitohy any amin'ny faritra hafa izao hetsika fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana izao.

MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE
Trano Boribory Anosy
www.education.gov.mg
Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenana Ofisialy
Numéro vert 020 30 807 86
G-CL 406/31-15

Mpanao gazety - Fanatanjahantena

# Tafatsangana ny ekipan'ny 'Journaliste Basket Club"

Taitra tamin'ny torimasony ihany koa ny mpanao gazety lehilahy ka nanangana ny " *Journaliste Basket Club (JBC)*", efa ela no noketrehina azy fa izao vao masaka ny lohan'omby. Niatrika fivoriana savaranonando izy ireo, omaly, notarihan'ny namana Tantely sy Fetra, teny amin'ny kianjan'ny Zandarimariam-pirenena Ankadilalana. Notinapaky ny rehetra tamin' izany ny hamondronana ny hery sy ny firaisankina amin' ny filalaovana ny taranja basket-ball, toy ny an'ny "*JOurnalistes BAsketteuses (JO.BA)*", izay efa nitsangana taona maromaro ary efa nandray anjara tamin' ny fifaninanana samihafa, nahazoany fanasana. Araka ny fanapahan-kevitra niraisana dia natokana ho an'ny mpanao gazety matihanina (an-tsotatra / radio / tv) aloha ny filalaovana ao amin' ny JBC amin'izao fanombohana azy izao, ka tafiditra ao anatin'izany koa ny mpaka sary sy ny "*Cameraman*" amin'ny fahitalavitra. Anisan'ny tanjona voizina ao anatin'ny JBC ny firaisankina sy ny fitambaran'ny mpanao gazety, tsy laroina resaka pôlitika sy fanavahana lafin-javatra hafa (finoana, foko…). Tsy ny mpanoratra taranja arapanatanjahantena irery ihany no ao anatiny fa mpikambana ao koa ny mpikirakira vaovao aratsôsialy / toekarena / pôlitika / trangam-piaraha-monina / kolotora…Amin'ny sabotsy 13 may 2023 izao dia hiatrika lalao ara-pirahalahiana avy hatrany ny JBC, eny amin'ny kianjan'ny Zandarimariam-pirenena Ankadilalana. Tsy zoviana amin' ny filalaovana "basket" ny mpikambana ao amin'ny JBC fa mpilalao vao lasa mpanao gazety. Aorian'ny fihaonana atao dia hiroso avy hatrany amin'ny fananganana ny birao hitantana azy ny JBC. Ho an'ireo izay manam-paniriana te hifandray sy hanao lalao arapiralahiana aminy dia tsara miantso an'ireto finday ireto : 034.12.005.13 – 034.46.862.34.



**Ireo lohandohan'ny nanorina azy ! (Sary a.r)**

**aris rafaly**

75 taonan'ny Fihezama

# Niara-nikorana tetsy Ilafy ny mpikambana

Mankalaza ny jobily faha-75 taona nijoroany ny FIHEZAMA(Fitaizana ny Herin'ny Zatovo MAlagasy) amin'izao taona 2023 izao. Taorian'ny fambolen-kazo nanokafana ny hetsika dia nisy ihany koa ny lanonana niarahan'ireo mpikambana nifaly teny amin'ny Fofikri Ilafy , tamin'ny 30 avrily lasa teo. Nambaran'ny filohany, Randretsa Falinirina, fa tamin'izy ireo nandray ny fitantanana dia 43 ireo taranjam-panatanjahantena mpikambana, saingy amin' izao efa nitombo ho 57 izany. Maro ireo taranja natory teo aloha saingy noezahinay netsehina izany, hoy hatrany Ingahy Filoha. Mahavelombolo tanteraka izany, hoy ny tenany, satria dia tafiditra anatin'ny anjara andraikitra eo anivon'ny firenena. Raha 250 tany aloha no mandeha any amin'ny fambolen-kazo, tafakatra 800 tamin'ity. Amin'ny taona manaraka, irariana hiakatra sy hitondra avo lenta hatrany ny FIHEZAMA, hoy hatrany Ingahy Randretsa Falinirina. Mahakasika ny firongatry ny fakampanahy isan-karazany amin'izao, nilaza ny tenany fa na manao ny fitaizana araka izay tratra aza ny FIHEZAMA. Ilaina ny fiaraha-mientan'ny rehetra miainga amin'ny Ray amandReny, any an-tsekoly, any am-piangonana amin'ny alalan'ny sekoly alahady, ka rehefa voakolokolo miaraka amin'ny spaoro ny tanora, inoana fa tsy hivoana lavitra. Ny hampihena ho kely ny tahan'izany no tanjona. Marihina fa tamin'ny taona 1948 no tafajoro ny FIJEZAMA, ary efa mipariataka manerana ny Nosy amin'izao.




**Nisy ny fizarana mofomamy tetsy Ilafy nandritra ny lanonampankalazana.**

**Rabenaivo**

Fonjamby - Tompondakan'i Afrika

# Atleta iray monja no lasa any Tunis

Hanainga anio tolakandro hihazo an'i Tunis Tonizia ny delegasiona malagasy, hiatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, tanterahina ny 12 hatramin'ny 19 may, ho an'ny taranja fibatana fonjamby. Noho ny tsy fahampian'ny hoenti-manana dia atleta iray ihany, Mahefa (-61kg)no azo nentina, hoy Randriamanarivo Harinelina, filohan'ny federasiona omaly, izay nanamafy fa fandraisana anjara ihany no atao amin'ity. Naneho ny alahelony ity filohan'ny federasiona ity, izay efa nanomana atleta hatramin'ny 12 saingy izao iray izao monja. Betsaka anefa ny fandaniana ara-bola sy ara-potoana na ho an'ny federasiona na ny ray amandreny, indrindra fa ny atleta, satria efa herintaona nanomanana. Ankoatra ireo niofana any Sina, betsaka ihany koa ireo ankizy sangany teto afaka, saingy noho ny tsy fahampian'ny hoenti-manana dia izao zara raha nisy atleta iray izao. Nambaran'Ingahy Harinelina Randriamanarivo fa efa ela no lasa tany amin'ny MJS ny antontan-taratasy mahakasika ny fandehanana any Tunis, saingy hatramin'ny ora farany dia nanontany tany amin'ny Minisitera saingy tsy nahazoam-baliny. Anisan'ny sangany isika aty Afrika ka faly avokoa ireo mpifaninana rehefa naheno fa iray monja no solontenantsika. Ankoatra izay, tafiditra anatin'ny fifaninanana hahazoana isa hahafahana miatrika ny Lalao Olympika izy ity, ary an'isan'ny nanana tanjona ny hiakatra "podium" mihitsy isika amin'io Paris 2024 io, saingy lasa nofy izany sisa, hoy hatrany ity filohan'ny federasiona ity.

> *Tsy afaka nandeha avokoa ny atleta hatramin'ireo sangany nahazo "bourses".*

**Rabenaivo**

Kitra - Tompondaka OPL 2022/2023

# Hangotraka ny lalao ampahefa-dàlana

Tonga amin'ny tsotsori-mamba isarahana ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara amin'ny "OPL 2022/2023". Araka ny fandaharam-potoana amin'izao faran'ny herinandro ho avy izao dia lalao ampahefa-dàlana avy hatrany no hatrehin'ireo ekipa valo tafita amin'ny « Play Offs », izay hatao mandroso sy miverina. Handray ny COSFA Analamanga amin'ny lalao mandroso, eny amin'ny kianja By-Pass amin'ny alatsinainy 15/05/2023, ny MAMA FC Ihorombe. Eny amin'ny kianja Ambohidratrimo kosa no hifampitady ny AJESAIA Bongolava sy ny CFFA Analamanga amin'ny sabotsy 13/05/2023. Hampiantrano ny Fosa junior Boeny, eny amin'ny kianja Mahitsy, kosa indray ny Disciples FC Vakinankaratra amin'ny alahady 14/05/2023. Hifamotoana any amin'ny kianja Barikadimy Toamasina kosa indray ny AS Fanalamanga Alaotra Mangoro sy ny Elgeco Plus Analamanga amin'ny sabotsy 13/05/2023.

**a.r**

SOA MIDI FLASH MIDI Madagasikara MIDI Publicité Groupe WM



## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia… Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-17)

* Boky, kilalao, fanaka, poketra, fitaovan-dakozia, lamba, vy. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 533/13-13)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 542/20-10)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 532/10-3)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc…. Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 534/10-3)

### COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 539/15-11)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 548/10-1)

* Cours de massage 3 jours assuré par des Professionnels. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 548/10-1)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 548/10-1)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 547/6-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique Makiplast, puisard, wc gasy, wc perdu. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 535/15-13)

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.22.595.81 / 034.47.024.33. (G-BA 543/20-9)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 545/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 545/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 545/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard ou réparation. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 550/20-1)

### MITADY ASA

* Mitady asa vendeuse na serveuse na femme de ménage na plangée. Tél : 038.57.458.38. (G-BA 549/1)

* Mitady asa Femme de ménage na vendeuse na serveuse na plangée. Tél : 034.49.349.66. (G-BA 549/1)

* Mitady asa Femme de ménage na vendeuse na serveuse na plangée. Tél : 034.82.222.03. (G-BA 549/1)

Toamasina

# Mpisoloky nampanantena asa, maka vola 200 000 ariary isan'olona

*Fantatra ihany koa fa efa nisy olona 40 hafa voasolokiny.*

Lehilahy iray 46 taona, mpisoloky, no saron'ny polisy ao amin'ny kaomisaria foibe any Toamasina, afakomaly. Araka ny fanazavana azo dia milaza ho mahatafiditra olona hiasa amin'ny orinasa iray tany an-toerana izy. Tsy nisy akory anefa ilay asa nampanantenainy avy eo ka nandeha nametraka ny raharaha tany amin'ny mpitandro filaminana ireo lasibatra. Reseny lahatra sy omeny toky ilay olona mitady asa. Asainy manome vola 200 000 ariary azy ilay olona ho sandan'ilay fampidirana miasa ary lazainy mihitsy fa vantany vao mandoa io vola io dia voaray miasa avy hatrany ao amin'ny orinasa lehibe iray. Rehefa mandeha anefa ny volana maromaro dia tsy nisy akory ilay asa, ny vola anefa efa lasan-dralehilahy ka dia nandeha nitory tany amin'ny polisy izy ireo.

**Fitoriana dimy**

Araka ny fanazavana hatrany dia olona dimy no nitory andralehilahy tany amin'ny polisy mikasika io fisolokiana fampidirana hiasa io ka nahatonga ireo mpitandro filaminana nandray ny andraikiny. Nandeha avy hatrany ny fanadihadiana mikasika ny zava-nitranga ka fantatra ilay lehilahy mpisoloky. Rehefa natao ny vela-pandrika dia tratra tao an-tranony tany amin'ny cité Valpinson Ankirihiry izy. Nentina tany amin'ny biraon' ny polisy taorian'ny fisamborana azy ary nandritra ny famotorana no nahafantarana fa tsy an'asa akory aza ity lehilahy ity izao misoloky ho hampiditra olona hiasa ao amin'ny orinasa izao. Fantatra ihany koa fa efa nisy olona 40 hafa voasolokiny. Mitohy ny famotorana.

T.H

Fenoarivo

# Lehilahy misoloky milaza ho mahatafiditra mpiasam-panjakana, nidoboka am-ponja

Milaza ho mahatafiditra mpiasam-panjakana ao amin'ny Ministeran'ny Vola ity lehilahy ity. Olona maro no efa voasolokiny tamin' izany ka nahazoany vola. Tany Fianarantsoa sy Farafangana no nanombohany izany asa ratsiny izany. Lelavola mitentina iray tapitrisa Ariary no alainy amin'ny olona iray, lazainy fa saran' izany. Maro ny fitarainana voarain'ny mpitandro filaminana mikasika ity lehilahy ity ka nitsoaka nandositra nankaty Antananarivo izy. Nitohy hatrany anefa ny fikarohana nataon'ny mpitandro filaminana azy ka rehefa natao ny vela-pandrika dia voasambotry ny zandary teny Fenoarivo izy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa vehivavy miisa dimy no voasolokiny ka vola telo hetsy Ariary hatramin'ny iray tapitrisa Ariary no nalainy tamin'ireo. Ny alatsinainy lasa teo izy no natolotra ny Fitsarana ka notanana vonjimaika any am-ponja. Tena tsy kely lalana mihitsy ny ratsy amin'izao fotoana izao ka mila mitandrina ny tsirairay. Betsaka ireo trangan'asa fisolokiana misy amin'izao na any anaty tambajotran-tserasera na amin'ny finday, hatreny anivon'ny fiarahamonina rehetra eny. Tsy hay intsony ny manavaka ny olon-dratsy, satria mahay miresaka sy mandresy lahatra tokoa izy ireny mba hahazoany izay tadiaviny ka mila mailo foana. Vola nisasarana sy vidin-katsembohana nandritra ny andro maromaro no mety ho very ao anatin'ny fotoana fohy. Misy aza ireo mahavatra mamorona ny tsy misy mihitsy ka vao mainka miampy ny fahasahiranana.

R.C

Tanjombato

# Cybercafé mivarotra taratasy fikarakarana dosie hosoka

Lehilahy roa, 31 taona sy 41 taona, tompon'ny cybercafé sy ny mpiasany, no voasambotry ny polisy teny Tanjombato ny zoma lasa teo noho ny fanaovana taratasy hosoka mikasika ny fanamboarana "dossier". Ny alakamisy lasa teo dia vehivavy iray tonga hanao pasipaoro no nahatrarana antontan-taratasy hosoka. Nandritra ny fanamarinana ireo antontan-taratasy nentiny mantsy no nahitana "attestation de travail" sy "attestation d'hébergement" hosoka. Nentina natao famotorana avy hatrany ravehivavy ka nandritra izany no nilazany fa novidiany 1500 ariary tao amin'ny cybercafé iray teny Tanjombato ireo taratasy hosoka ireo. Ny ampitson'io ihany dia nandeha teny antoerana ny polisy nanamarina izany, ka hita tany tokoa ilay cyber notenenin'ilay vehivavy. Natao avy hatrany ny vela-pandrika ka fantatra fa mivarotra taratasy fikarakarana « dossier » maro io toerana io. Dia nosamborina tamin'io fotoana io io tompon' ilay cyber sy ny mpiasany tao io ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy. Nandritra ny famotorana natao azy roa lahy dia voalaza fa samy niaiky ny heloka vitany izy ireo. Nolazain'ireto farany ihany koa fa rehefa misy olona tonga manao scan ao amin'izy ireo dia iny ihany no alainy hanamboarana taratasy hosoka ho an'izay mila izany fa soloiny fotsiny ny anarana sy ny cachet. Natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha.

T.H

Sambava

# Mpamaky trano 15 voasambotry ny zandary

Tao anatin'ny telo andro monja dia mpamaky trano dimy ambinifolo, ahitana lehilahy sy vehivavy, no voasambotry ny zandary tao Sambava. Izany dia vokatry ny hetsika nataon'izy ireo ary niarahany niasa tamin' ny andrimasom-pokonolona. Mbola nahatrarana entana halatra maro, toy ny kidoro, bisikileta, ary fitaovana fampiasa ao an-dakozia izy ireo nandritra ny fisavana natao. Raha ny fanazavana azo dia nirongatra ny vaky trano tao Sambava tato ho ato ka nampitaraina ny mponina. Nanoloana izany indrindra no nanaovan'ny zandary izao hetsika izao. Ireo faritra tena mafana no nanatanterahana izany, toy ny tao amin'ny fokontany Ambodisatrana, Antanifotsy, ary Ambiha. Tsy hijanona hatreo fa mbola mitohy hatrany hetsika ary tokony tsy hisalasala hampandre ny zandary ny mponina raha vao misy tranga miseho na mampiahiahy. Hita araka izao fa miandahy miambavy mihitsy ireo mpamaky trano ao an-toerana. Hatolotra ny Fitsarana avy hatrany izy rehetra ireo aorian'ny famotorana ataon'ny zandary.

R.C


La Société ENERGIS fd informe le public que :

- Monsieur LABROSSE Louis, notre ancien Directeur Commercial ;
- Monsieur RAOILISON Zara, notre ancien Responsable Technique ;

Ne font plus partie de notre personnel.

Ainsi, nous déclinons toute responsabilité quant aux agissements de ces personnes au nom de la Société.

La Direction

G-CL 508/2-2


Ambovombe

# Lehilahy tratra nitondra basy vita gasy tao an-tsena

Lehilahy iray 27 taona nitondra basy vita gasy tao amin'ny tsena Berary any amin'ny distrikan'Ambovombe Androy no voasambotry ny polisy. Nandritra ny fisafoana toy ny mahazatra azy nataon'ireo mpitandro filaminana tao amin'io tsena tany an-toerana io no nahatsikaritra ny fihetsik'ity lehilahy ity toa hafahafa izy ireo. Noho izany dia narahi-maso ralehilahy saingy kaodikaody izy raha vao nahita ireo mpitandro filaminana ka nanao izay fomba nialana teo haingana. Iny saika handeha hitsoaka iny anefa izy no voatazona avy hatrany ka tsy afa-niala teo intsony. Nosavaina ralehilahy ka nandritra izany no nahitana io basy vita gasy iray io niampy bala telo tany aminy. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana izy. Tsy mbola fantatra aloha hatreto izay antony nitondrany ity basy ity tao an-tsena tao. Na saika hanaovany asa ratsy na zavatra hafa mihitsy. Notanana tany amin'ny polisy ity lehilahy voasambotra ity ary nogiazana ihany koa ny fitaovampiadiana tratra teny aminy. Mitohy ny famotorana azy alohan'ny hitondrana ny raharaha any anivon'ny fampanoavana.

T.H

## Manal azy de mimeme



Manerinerina - RN6

# Zazafotsy 7 no maty, nikasa hanafika tobin'ny zandary

Nampiasa fitaovam-piadiana niarovana tena ny mpitandro ny filaminana (zandary sy ny miaramila) hisorohana ny mety ho fandrobana toby nokasain'ireo zazafotsy nikomy tao amin'ny tanàna'i Manerinerina, kaominin'i Manerinerina, (RN6), distrikan'Ambatoboeny. Araka ny angom-baovao voaray dia zazafotsy 7 no maty vokatr'izany fikomiana izany. Ankoatra azy ireo dia nisy zandary 1 sy miaramila iray naratra nofirain'ireto farany tamin'ny antsy. Tao Manerinerina no niandohan'io tranga io ary nitohy tany Anjianjia, (Ankarafantsika). Ho an'Anjianjia dia nikasa hanafika toby izy ireo ary zaza amam-behivavy no nalefany mialoha. Sorena tamin'ny tranga tany Manerinerina ireto zazafotsy ireto ary tsara marihina fa feno azy amin'iny lalampirenena iny. Nisy miaramila iray niambina tao Ankarafantsika nofirain'ireo tamin'ny antsy. Niisa 5 ny miaramila tao ary tsy nanampo na inona inona mihitsy. Ireo zazafotsy ireo anefa niangona teo amin'ny sampanan' Anjianjia ary izao notafihiny izao ny miaramila ka ny iray naratra voadaroka ary nitsoaka ny miaramila efatra, ambiny.

**Andrimasom-pokonolona**

Toy izao ny tranga, afak' omaly maraina, raha nanangan-tsaina ny kaominin'i Manerinerina dia nisy zazafotsy 3 lahy tsy niraharaha jery atrika sy niventy ny hiram-pirenena fa ny lalany ihany no notohizany. Rehefa nahatsikaritra izany ny ben'ny tanàna dia naniraka polisy kaominaly hisambotra azy ireo. Namaly anefa ny ankilany sady nandrahona hamely amin'ny sabatra. Ny roa lahy kosa voasambotra fa ny iray afaka nandositra. Nantsoina avy hatrany ny zandary mba hiaro an'ireto olon'ny kaominina satria efa fantatra ny fiadin'ireo zazafotsy. Rehefa misy naman' izy ireo voasambotra toy izao mantsy dia tsy maintsy mamaly manao rodobe izy rehetra. Tamin'izany no tamy tokoa izy ireo ary namely zandary iray tamin' ny sabatra. Niaro tena io zandary io ka 3 tamin'ireo zazafotsy no namoy ny ainy. Taorian'izany no nikasa hanafika ny tobin'ny zandary ireo zazafotsy ireo sy nanafika ny valan-javaboary Ankarafantsika izay nisy miaramila. Hatreto dia efa azo lazaina fa milamindamin-dratsy ny raharaha. Voatery nofoanana ihany koa ny zazafotsy any antoerana. Marihina fa ny zazafotsy dia andrimasompokonolona. Samy manana ny fiantsoany azy ny faritra ka ao ny hoe Jama, Kalaony, Zazamena, Zazamainty, Jado, sns...Matetika dia ny mponina eny ambanivohitra no manakarama azy ireo mba hanampy amin'ny fampandriana fahalemana.

**Ariel D.**

Cité Planton Ampahibe

# Tovovavy mpianatra nobedain'ny jiolahy roa mitondra antsy lava lela

Saika matin'ny tahotra ny tovovavy mpianatry ny lisea iray eny Ampahibe, nifanehitra tamin'ny jiolahy roa nitondra antsy lava lela ny faran'ny herinandro teo. Teo amin'ny lalana miakatra ny Cité Planton, raha iny izy hamonjy ny toeram-pinarany tsy nanam-po na inona na inona iny no nobedain'ireo jiolahy roa ireo avy hatrany ary nambanany tamin'ny antsy lava lela teny an-tanany. Nihika tokana ilay tovovavy ary ankona tsy nahetsika. Tamin'izay indrindra anefa no nitsidika tampoka niaraka tamin'ny môtô i Papa Tsilavina ka niezaka namonjy haingana raha vao nahita ny fihetsik'ireto jiolahy ireto. Nanatona avy hatrany ity farany ka vaky nandositra ireo jiolahy, ary natosiny tery amin'ny tany ilay tovovavy. Raiki-tahotra tanteraka ity tovovavy ity na dia efa nitsoaka aza ireo jiolahy. Naratra ny tanany ary vaky ny finday teny aminy. Novonjen'i Papa Tsilavina avy hatrany aloha ilay tovovavy ary nentiny namonjy toerampitsaboana. Taorian'izay vao niantso ny Ray aman-dreniny sy niantso ny polisy ary raikitra ny fikarohana an'ireo jiolahy. Efa tsy mifidy ora hanovana ny asa ratsiny intsony ireo jiolahy, fa andro antoandro be nanahary, tamin'ny 1 ora sy sasany tany ho any no nitrangan'izany asa ratsy izany. Somary mangingina tsy dia be mpandalo rahateo iny toerana iny ka izay no noararaotin'ireo jiolahy. Efa maro ihany ireo olona tratran'ny asan-jiolahy amin'iny faritra iny saingy tsy mahasahy mitaraina eny amin'ny polisy, hoy hatrany i Papa Tsilavina Rakotoarisoa, izay tsy zoviana amin'ny mponina manodidina iny faritra iny amin'ny asa soa ataony. Miantso an'ireo lasibatra hitoroka eny amin'ny mpitandro filaminana anefa izy mba handraisan'iretsy farany ny andraikitra tandrify azy hamongorana ny asa ratsy.

**Niry R.**

Governoran'ny Faritra Menabe

# Tsy mahalala afa-tsy distrika iray hitondrana fampandrosoana

Olona manana ny fahaizamanao sy akaiky ny fitondrana no napetraky ny filoha Andry Rajoelina ho Governoran'i faritra. Raha nivoaka ny lisitr'ireo handray izany toerana izany ny volana septambra 2019 dia anisan'ireo 11 voatendry ny an'ny faritra Menabe, araka ny fapaka tamin'ny filankevitry ny Minisitra. Izy ireto dia natao hisolo toerana ny lehiben'ny faritra ary hianteheran'ny fampandrosoa. Ho an'ny Menabe manokana dia distrika 5 no mandrafitra azy ireo saingy hatreto aloha ny zava-bita dia tsy misy afa-tsy ny ao Morondava ihany, raha tsy hilaza isika fa ny resaka rarivato na ny « pave ». Manana anjara amin'izany ireo distrika hafa toy ny ao Belo-sur-Tsiribihina, Mahabo, Manja,. Miandrivazo. Marisarisa anefa ny fandehanan'izany fampandrosoana izao ka lasa mampinemenona ny vahoaka. « *Raha ny fijeriko manokana dia tsy manana fahaiza-manao loatra ingahy governora amin'izay andraikitra sahaniny izay. Diso mametraka loatra ny atao hoe «ilay tia mangaro». Raha adiko teny mahitsy dia hoe hafa ny zavatra lazainy ary hafa ny hetsika ataony. Lasa kiantranoan-trano (ny havako sy ny namako) no manjaka.Io no tena zavatra mapalahelo*" : hoy ny zanaky ny faritra Menaba naneho ny heviny saingy ninia ny tsy hiseho na hotononina anarana. Santionany fotsiny ihany io fa misy distrika ao izay tsy mahazo lalana mihitsy, fa dia Morondava ihany. Anisany nampandany an'ny filoha ankehitriny anefa ireo distrika manodidina ireo. Tsy misy fampandrosoana mandeha, indrindra raha izay resaka lalana izay no asiana resaka. Mifanohitra tanteraka amin' ny kabarin'ny filoha Andry Rajoelina ny ataon'ny Governora. Raha ny nambarany Filoha dia tokony hisitraka lalana rarivato avokoa ny distrika ary tsy misy toerana hadino.



**Miandry fanamboarana lalana ny vahoaka.**

**Manaitra**

Ny fotodrafitr'asa natao tamin'ilay vola 2 miliara ariary voarain'ny faritra farany teo ohatra dia nanaovana lalana "**auto bloquant**" ao Morondava. Indrisy fa zavatra tsy manaraka ny fenitra no nanaovana izany satria eo ambony tara na "goudron" efa simba no nataingina ilay "**auto bloquant**". Aiza ho aiza ny teknisianina avy ao amin'ny faritra tokony hanara-maso izany, hoy ihany ny loharanom-baovao. Volana vitsy izay dia nikasa hivory mihitsy ireo teraky ny faritra Menabe mikasika izao raharaha izao. Efa akaiky rahateo ny fifidinana ka manaitra hatrany fitondrampanjakana mba hijery akaiky eny ifotony, mba tsy hanaratsy endrika ny fitondrana ao Menabe ao.

**Ariel D.**

Tsiadana

# Jiolahy roa mpanafika maty voatifitra

Nirefotra ny basy teny Tsiadana ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Jiolahy roa mpanafika no maty voatifitry ny polisy tamin'io fotoana io. Nisy mantsy ny fifampitifirana teo amin'ireo jiolahy sy ny polisy. Araka ny fantatra dia tokantrano iray no nokasain'ny andian-jiolahy nirongo basy notafihina tamin'io alina io. Nandritra ny fisafoana nataon'ny polisy teny an-toerana anefa no nifanehatra tamin'ireo olon-dratsy izy ireo. Vantany vao nahita ireo mpitandro filaminana ry zalahy tonga dia nitifitra ka voatery namaly izany ireo polisy ary nahatonga ny fifandonana teo amin'ny roa tonta dia izao nahalavo ny roa tamin'ireo olondratsy ireo izay nitondra basy vita gasy nandritra izany. Marihina fa voasakana ary tsy tanteraka araka izany ny fanafihana mitam-piadiana nokasain'ireo jiolahy natao tao amin'io tokatrano io.

**T.H**

Faratsiho

# 10 lahy nanafika "épicerie"

Nitrangan'ny fanafianjiolahy mitam-piadiana tao amin'ny fokontany Kelilalina, kaominina Antsampanimahazo, distrikan'i Faratsiho, ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora alina. Tokantrano iray mpanao "épicerie" no lasibatra. Nokapakapain' ireo tamin'ny antsy ny loha sy lohalik'ilay raim-pianakaviana sy ny vadiny andefimandriny. Tsy nahatsiaro tena io farany vokatr'izany ka taorian'izay dia noterena hamoaka ny vola rehetra ny tao an-trano. Lasa tamin' izany ny 1 000 000 ariary. Tsy nalainy kosa ny entana hafa toy ny finday, solosaina, fahitalavitra « écran plat »...sns. Telo lahy no niditra an-keriny tao antrano fa ny ambiny teny ivelan'ny tamboho. Notorahan'ireo andian-jiolahy manodidina ny folo ireo tamin'ny vato ny tafo tranon'ny manodidina. Nifitsaka avokoa ny olona tsy nisy sahy nivoaka na dia nahare antso vonjy aza. Tao amin'io «épicerie» io kosa no norobainy.

**Mandry tsy lavo loha ny vahoaka**

Ny nahagaga ny rehetra dia tsy niditra tao am-pivarotana ireo jiolahy ireo fa avy hatrany dia tany amin'ny rihana natorian'izy mivady. Noheren'izy ireo fa maty mantsy ilay raim-pianakaviana voakapa antsy. Ankoatra izay dia nahavariana ny nahahafantaran' ireo olon-dratsy fa hoe mpividy vary izy ireo. Ny vola nividiana entana no notadiaviny tao. Nanapoaka basy izy ireo rehefa niala ary ora maromaro taty aoriana vao tonga ny zandary" : hoy ny loharanom-baovao. Tsiahivina fa efa notafihin'ny jiolahy toy izao ihany koa io tokantrano io 5 taona lasa izay.

**Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

***#Dahalo nikasa hangalatra omby no ravan'ny zandary tao Tanandava ny alin'ny zoma lasa teo.*** Araka ny fanazavana azo, raha nanao fisafoana kizo ireo zandary no nifanehatra tamin'ny dahalo dimy lahy. Vaky nandositra avy hatrany ireo ka nitifitra ny zandary. Vokany, basy iray no azo izay latsaka teny an-tanan'ireo dahalo niaraka tamin'ny famaky iray. Mitohy ny fikarohana.

***# Rongony milanja 150 kilao tao anaty gony miisa dimy avy any Ambanja saika hoentina any Mahajanga no saron'ny zandary ny faran'ny herinandro teo.*** Nandritra ny fisavana ity fiara fitaterana iray nihazo an'i Mahajanga ity no nahatratrarana ireo. Olona roa voatondro fa tompon'ny entana no voasambotra ary nentina natao famotorana.

***# Nahitana taolam-paty nisy nanary indray tao Ambondrona-Mahajanga ny sabotsy lasa teo, izay nafenina tao anaty lobolobo.*** Olona sendra no nahatsikaritra izany ka nampandre ny manodidina. Mbola tsy fantatra ny fiavian'ireo taolam-paty ireto. Mandeha ny fanadihadiana.

***#Fa nitrangana vaky fasana indray ihany koa tany Mahitsy ny faran'ny heriandro teo.*** Lasa avokoa ny razana rehetra tao am-pasana. Efa mandeha ny fanadihadiana sy fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana.

**R. C**

Mialy Rakotomamonjy

# Mitety tanàna maro any Eoropa

Fiakarana an-tsehatra enina. Izay no hotanterahin'i Mialy Rakotomamonjy mandritra ny fivahinianany mandritra ny iray volana any Eoropa. Nanomboka ny 6 mey teo no nisantarany izany tao amin'ny Fiangonana Kristiana Malagasy tany Soisa. "*Fitoriana an-kira natao eto Suisse sy ny manodidina tao Servette Genève. Maro no tonga nanotrona ny fotoana, nisy Malagasy, nisy vahiny. Tonga nanafana ny fiderana ihany koa i Hantatiana, Felana Rasolondraibe, Pr Lalaina, Sarindra, mpanatalenta avy any an-toerana. Tafita ny hafatra an-kira sy ny fanentanana, nanome ainga vao indray ireo tanora any an-toerana. Fampisehoana moa no natao tamin'izay. Nampanakoako ny feon'ny mpihira ny fanamafisam-peon'i Ny Aina, nandravaka ny fotoana ny jiro maroloko niangalian'i Lanja Rasolondraibe. Ho an'Andriamanitra ny voninahitra e*", hoy izy. Amin'ny ankapobeny dia efa saika hain'ny mpijery ny hira fideran'i Mialy, fa anisan'ny nanakoako nandritra ity fiakarana an-tsehatr'i Mialy Rakotomamonjy ity kosa ilay hoe : "*Tiako loatra*". Ny andininy voalohany ihany no nohirainy, fa ireo mpijery no nanohy izany hatramin' ny farany.



Nanotrona azy tao Soisa i Hantatiana.

### Sambany

Araka ny fanazavany dia mbola hitohy amin'ireto toerana voalaza manaraka ireto ny dian'i Mialy Rakotomamonjy hitety an'i Eoropa. Any Italy izy amin'ny ala(-hady 14 mey ho avy izao. Hitohy any Parisy renivohitr'i Lafrantsa kosa ny alakamisy 18 mey. Rouen ny alahady 21 mey ary hofaranany any Sttutgart ny alahadin'ny Pentekosta. Amin'ny faran'ny volana mey izy no miverina antanindrazana, araka ny voalazany. Raha ny resaka nifanaovanay taminy dia sambany teo amin'ny tantarany no nandeha nitety an'i Eoropa toy izao izy. Azo antoka fa anisan'ny nitondra avo ny lazany ilay hira "Tiako loatra" iny, raha ny fahitanay azy manokana. Amin'izao fotoana mantsy vao tafapaka isan-tokantrano ary manerantany (misy Malagasy) mihitsy ny fankafizan'ny tsirairay iny hira fiderana iray iny. "*Sady mitsidika no manararaotra mitory Filazantsara*", hoy izy.

Fy

Hatsikana

# Ho avy hanolotra fampisehoana eto Madagasikara i Fary

Manatanteraka fitetezam-paritra aty amin'ny Ranomasimbe Indiana i Fary, ilay mpanao hatsikana Frantsay malaza eran-tany, ka handalo eto Madagasikara izy hanolotra fampisehoana iray. Amin'ny 21 mey izao, ao amin'ny Novotel, izy no manome fotoana ho an'ny rehetra. Hanomboka amin' ny fito ora hariva ny fotoana amin'io. "Tiavo aho raha azonao atao", io no lohahevitra entiny amin'ity fitetezam-paritra ataony ity ary dia hiompana amin'izany koa ny seho hatolony. Hizara roa ny hetsika amin' io fotoana io ka ao amin'ny tapany voalohany dia hisy filatroana hiarahana amin' ny Bogasy, izay mankalaza ny fahadimy taonany amin' izao. Eo koa ny fampisehoana iarahana amin'i TGC, izay hanolotra izany seho "urban gospel americain" izany, ary ho avy eo koa i Sombiniaina mpanao hatsikana hanafana ny sehatra. Eo amin'ny tapany faharoa kosa vao hiakatra an-tsehatra i Fary, ary dia haharitra ora iray sy fefany eo ny seho hataony. Marihina moa fa nivoaka avy ao amin'ny club de Jamel i Fary, maro be ny olona mankafy ny zavatra ataony.



Ao anatin'ny hatsikana no handefasany hafatra mafonja.

### Hizaha toerana manan-tantara

Ankoatra ny seho lehibe hataon'i Fary moa dia hizaha ireo toerana manantantara eto Antananarivo ihany koa izy. Ny Zaha Tour no mikarakara izay fitsidihana hataony izay. Raha araka ny fantatra dia haharitra telo andro izy no ho eto amintsika. Nolazain'ny mpikarakara ny hetsika ihany koa fa dia natao mifanaraka amin'ny zavatra tian'i Fary daholo ny hetsika hatao amin'ity fandalovany ity, satria i Fary dia olona tia mihaingo, tia « gospel », tia mandehandeha mizaha tany ary liana amin'ny resaka kolontsaina. Efa azo jifaina ao amin'ny Ticket place ny tapakila ho an'izay te hijery izany seho hataony izany.

Tanya.R

Herinandron'ny Mpanazava sy Tily

# Hampisongadinana ny lalao sy ny kolontsaina malagasy

Samy hanamarika ny herinandron'ny Mpanazava sy Tily eto Madagasikara ny faritany misy ny fikambanana manerana ny Nosy. Fomba fanao isan-taona io ary samy manana ny mampiavaka azy arakaraka ny lohahevitra. Ho an'ny faritany Mpanazava sy Tily Vakinankaratra Antsirabe dia hanomboka ny asabotsy 13 izao ny hetsika ary tsy hifarana raha tsy ny 20 may. Maro ny hetsika hanamarihana izany fa ny hasongadina mandritra io herinandro io dia ny lalao sy ny kolontsaina. Misy araka izany ny fifaninana handraisan'ny isan-tsampana anjara, ka tafiditra ao anatin'izany ny fifaninanana vakodrazana, fizarana ohabolana isan'andro anaty tambajotran-tserasera, ny kilalao fahiny toy ny katro sy ny fanorona, asa tanana amin'ny endriny maro, fifaninanana mahandro, ary ny fanaoavana asa soa izay tena anisan'ny fanabeazana lehibe eo anivon'ny fikambanana. Ny fanokafana izany amin'ny fomba ofisialy dia hatao ao amin'ny METM Antsoso, hanomboka amin' ny 2 ora tolak'andro, ary ny famaranana kosa dia ao amin'ny FOFAM ny 20 may manomboka amin'ny 9 ora maraina.



Mandray anjara amin'ny fifaninanana avokoa ny isan-tsampana rehetra.

Tiaray R

Njila any Etazonia

# Hanao faradoboka rahampitso



Hanome ambiansy miavaka hatrany i Njila.

Mbola manatanteraka fitetezam-paritra any Etazonia i Njila amin'izao. Fampisehoana maromaro no efa vitany nandritra ny fivahinianany tany, rahampitso kosa izy no hanao fampisehoana faradoboka. Ao amin'ny trano fisakafoanana Crapkot amin'ny 8 ora alina no hanatanterahany izany. Hiavaka, hoy ny tarika, ny zavatra hatolotr'izy ireo amin'io, satria dia hohirain'ny tarika ao ireo hira fito izay tsy nohiraina tamin'ny fampisehoana hafa efa nataony. Fa ankoatra izay dia hosokafana ho an'ny mpijery ihany koa ny sehatra ka afaka mihira ny hiran'i Njila amin'izay fahaizany azy ny tsirairay mandritra izany. Marihina moa fa be mpankafy ny tarika Njila any Amerika any. Na ireo Malagasy monina sy mipetraka any na ireo vahiny dia samy mankafy ny mozika ataony. Mahafinaritra azy ireo hatrany koa moa ny manandratra ny mozika malagasy any an-tany lavitra any ary mahavelom-bolo koa, hoy izy ireo, ny mahita ireo Malagasy namana manohana izany. Mbola tsy nilaza izay programa manaraka hataon'ny tarika moa izy ireo fa dia hampahafantarina miandalana eo ihany ny momba izay.

Tanya.R

Cyprien

# Roa taona nihirana, maniry ny ho lasa artista malaza



I Cyprien.

Efa nofinofin'i Cyprien hatramin'izay mihitsy ny ho lasa mpanakanto raha araka ny resaka nifanaovany taminay. "Tena tanjona eo amin'ny fiainako mihitsy ny hoe lasa artista malaza be mba ho reharehan'ny mamako», hoy hatrany izy. Ankotra ny hoe ho lasa olo-malaza, dia mba maniry ny hitety an'i Madagasikara ihany koa izy. Efa roa taona mahery teo moa izao no nanombohany nihira ary manana hira sivy eo izy amin'izao, ka ny efatra amin'izany no misy rakikira. Anisan'ny ahafantaran'ny olona azy ilay hirany hoe "Nenina" sy ilay hoe "Ho avy". Ny gadona « afro pop » moa no voiziny, ary saika izany daholo no nanaovany an'ireo hirany ireo. Razafinirina Cyprien no tena anarany, fa i Cyprien no anarana entiny eo amin'ny sehatry ny mozika. 20 taona izy amin'izao, avy any Fianarantsoa ny tovolahy ary manana teny filamatra ampiasaina hoe "Ny fiaretana no zava-dehibe ". Misokatra ho an'ny rehetra izy amin'izay fiaraha-miasa misy ary anisan'ny faniriany ny mba hiaraka hihira amin'i Rymka. Ho an'ireo te hifandray aminy dia afaka mitsidika ny pejy fesiboky, Cyprien Wizz Mada.

Tanya.R

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny fahasambarana dia ny fahaizana mifaly miaraka amin'ny zanaka. Na bitika sy toa madinika aza ny zavatra ihomehezana, aleo miaraka miravo hatrany, satria eo ny hafaliana tsy ho lany."

**Ny Vetso (19.10.16)**

("Happiness is laughing with a toddler about more things that makes absolutely no sense.")

"Antson'ny Tontolo Miaina"

# Mpisehatra ara-javakanto maro hiara-dalana hiaro ny tontolo iainana



Tsy azo odian-tsy hita intsony ny fivoavovan'ny toetrandro amin'izao fotoana izao, vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana. Manoloana izany, niray saina ary nifampitantsoroka ny mpisehatra ara-javakanto sy ny mpandala ny kolontsaina ka hiara-kientana mba hananan'ny taranaka any aoriana toeram-ponenana madio sy mendrika azy ireo. Hisy araka izany ny fampisehoana ara-javakanto sy fampirantiana hotanterahina etsy amin'ny "Zone Zital" Ankorondrano manomboka ny 20 may izao ka hatramin'ny 5 jona, azon'ny rehetra tsidihina manomboka ny maraina mandra-paharivan'ny andro. "Antson'ny tontolo miaina" no lohahevitra entina manamarika izany. Nambaran'Ihoby Rabarijohn, izay vy nahitana sy angady nanana ity hetsika ity niaraka tamin'i Cecil Bourne Farrell, omaly tetsy amin'ny "Le Gourmet" Ankorondrano, fa haseho amin'ny alalan'ny hetsika ara-kolontsaina sy zavakanto ny fampitan'ny mpisehatra ny hafatra sy hanaraina ny olona amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Miainga amin'ny isam-batan'olona io ady masina io fa anjaran'ny mpanakanto kosa ny mampiseho ny hasarobidin'ny fihetsika sy ny fomba famoronana. Hifanindran-dalana amin'ny fampisehoana mozika Jazz sy dihy no hamelona ny hetsika ary hisy atrikasa sy fihaonambe ihany koa. Ho fanatratrarana ny tanjona amin' ity tetikasa "Antson'ny tontolo miaina" ity dia maimaimpoana fa tsy misy vidim-pidirana ny hetsika rehetra mandritra ireo andro maromaro ireo. Marihina fa ny 5 jona no famaranana ny hetsika, dia fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana.

**Kolontsaina maroloko**

Anisan'ny hitondra ny sanganasany ohatra i Richianny Ratovo, mpiangaly sary hosodoko sy ny sokitra, Dadee Andrianaivoson mpanakanto manana fomba fiasa manaraka ny fiahiana ny tontolo ianana. Felana Rajaonarivelo, mpaka sary no sady mpamokatra horonantsary, ary mandray anjara fandalinana ny fifandraisana amin'ny zavaboary i FanjaR, Cyrille Cornu, manana fahalalàna manokana mahakasika ny fahasamihafan'ny "biodiversité" eto Madagasikara. Malala Andrialavidrazana, Miora Rajaonary dia mpaka sary fanadihadiana, teraka sy lehibe teto Madagasikara fa monina ao amin'ny nosy Maorisy, FanjaR, Andrée Ethève. Amin'ity andiany voalohany amin'ny *Antson'ny Tontolo miaina* ity ihany koa no handefasana voalohany eto amintsika ilay horonan-tsary farany notontosainy momba ny reniala.

**Tiaray R**



**Ireo mpandray anjara amin'ny tetikasa "Antson'ny tontolo miaina".**

"I.Ka.K" andiany voalohany

# Valalanin'ny fihomehezana ireo nanatrika teny Itaosy rehetra

Aissy e ! Izay sisa feo tafavoakan'ny vavan'ireo nanatrika fa dia niolakolaky ny fihomehezana hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany izy ireo. Misy mihitsy aza ireo tafapetraka tsy nahazaka ny tenany intsony. Izay no zava-nisy nandritra ilay hetsika « I.Ka.K » (Itaosy Kaomedy Klioba) teny amin'ny Le Park Bemasoandro Itaosy ny harivan'ny sabotsy 6 may 2023 lasa teo. Andiany voalohany izy io, izay niarahana tamin-dry Raitra Belaw'Yck, Finengo Mahasaky, Lanja Babene ary Tsiresy Radilofera. Nifandimby nitondra ny kantony ry zalahy. Toy ny papangolahy anaty katsaka, hoy ny fitenenana, ka izay nivoaka babany avokoa.



**Santionany tamin'ny anjaran'i Raitra Belaw'Yck sy Finengo Mahasaky.**

Raha ny fahitana an-dry zalahy ireto dia antenaina ny solofo dimbin'ny ala amin'ny fampihomehezana eto amintsika.

**Tanora mandalina**

Tanora manodidina ny 23 taona eo ho eo avokoa ry zalahy voalaza etsy ambony ireo. Araka ny fanazavana nomen'izy ireo sy ny fahitana ny kanto natolony dia tsy mpanara-driandrano na mpaka tahaka ireo zoky teo aloha mihitsy ry zalahy ireto. Miezaka mandalina sy mikaroka momba ny hatsikana ry zalahy ary mivelatra maneran-tany mihitsy ny fikarohana ataony. Mbola mpianatry ny anjerimanontolo rahateo amin'ny ankapobeny izy ireo ary maniry ny ho lasa lavitra amin'ity zavakanto iray ity. Maharaka ny toetr'andro sy ny zava-misy iainanana amin' izao fivoaran'ny teknolojia izao rahateo ry zalahy ireto. Maka aingam-panahy amin' ny fiainana andavanandrontsika malagasy ihany koa. Izay no mahalasa saina hoe : "*hay tokoa mahatsikaiky rehefa resahina ny zavatra iainanana andavanandro ity*". Amin'ny sabotsy faran'ny volana jona indray ny andiany manaraka ho an'ireo liana amin'izany.

**Fy**

Tsiahy an'i Bob Marley

# Jah Roots etsy amin'ny La Teinturerie - Is'Art Ampasanimalo

Ny 11 may izao no natokan' ny mpandala ny kolontsaina Rasta hahatsiarovana an'i Bob Marley. Bob Marley moa dia iaraha-mahalala fa mpihira sady mpamoronkira ary mpitendry gitara tany Jamaika. Teraka ny 6 febroary 1945 izy ary maty ny 11 mey 1981 tao Miami. Ny mozika Reggae no tena mampalaza azy mandraka ankehitriny. Hanamarika io andro nahafatesan'ny mpanjakan'ny Reggea io ny Rastafaray ary anisan'izany isika eto Madagasikara. Maro ny hetsika ary anisan' izany ny etsy amin'ny Is'Art Ampasanimalo izay hiarahana amin'i Jah Roots rahampitso alakamisy amin' ny 7 ora sy sasany hariva. Fikambanan'ny mpanakanto sy mpitendry maromaro avy eto Madagasikara no mandrafitra ny « Jah roots malagasy vibration ». Ankoatra ireo hira nahafantarana azy ireo dia hamerina indray ireo vazo nampalaza an'i bob Marley ihany koa ry zalahy. Aorian'ity etsy Ampasanimalo ity moa dia hifamotoana amin'ny mpankafy any Mahajanga ry zareo ny asabotsy izao ka eny amoron-dranomasina anoloan'ny tranoben'ny varotra no hananterarahana ny hetsika, hanomboka amin'ny 6 ora hariva.



**Hanomboka amin'ny 7 ora sy sasany hariva ny fampisehoana etsy Ampasanimalo.**

*Fikambanana mpanakanto sy mpitendry maromaro avy eto Madagasikara no mandrafitra ny " Jah roots Malagasy ".*

**Tsiahy**

Ny reggae dia karazamozika nisandratra tamin' ireo taona 1960, vokatry ny fifangaroan' ny mozika "ska" sy "calypso" niaraka amin' ny "blues" sy ny "rock and roll", mozika be mpitia indrindra tamin' ny mozika jamaikana. Lasa mozika malaza eran-tany ny reggae izay matetika tafaraka amin' ny kolontsaina rastafary. Rehefa miresaka reggae dia matetika tonga ao an-tsaina ny hetsika rastafary izay nipoitra koa avy ao Jamaika. Misy anefa ireo Rasta, toy ny hetsika Bobo Shanti, izay tsy miombon-kevitra amin' izany. Na dia izany aza dia mitonon-tena ho rasta ny ankamaroan' ny mpihira reggae, noho ny reggae ampiasaina hampielezana ny kolontsaina rastafary.

**Tiaray R**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Minisitra Lalatiana Rakotondrazafy

# "Tsy mieritreritra ny hametraka tetezamita ny fitondrana"

Eo anatrehan'ny fivoizan'ny mpanao politika sasany ny amin'ny mety hirosoan'ny firenena ao anatin'ny tetezamita dia nitsangana sy nijoro naneho ny heviny ny mpitondra tenin'ny Governemanta sady minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Rtoa Lalatiana Rakotondrazafy. Nambarany nandritra ny fihaonany fohy tamin'ny mpanao gazety etsy amin' ny birao fiasany Anosy omaly fa *"tsy mieritreritra mihitsy hametraka tetezamita ny governemanta sy ny fitondram-panjakana ankehitriny »*. Nohamafisiny fa tsy ao anatin'ny fanomanana amin'io resaka tetezamita io ny fitondrana, ary tsy marina ny filazana fa efa neken'ny Filohan'ny Repoblika izany hatao eto amin' ny tany sy ny firenena. « *Tsy manana afa-tsy tetiandro iray goavana ny fitondram-panjakana dia ny fanaovana ny fifidianana filohampirenena amin'ny faran'ity taona ity* », hoy ihany Rtoa minisitra raha nanazava. Mampametra-panontanaina azy moa ny antony mahatonga ireo mpanao politika hiresaka izany. Nomarihany fa tsy mitombina velively ny mety hanaovana izany eto. Tetsy andanin'izany dia nilaza mazava Rtoa Rakotondrazafy Lalatiana fa tsy tokony hafangaro amin'ny resaka politika ny krizy ara-tsosialy sy ara-toekarena miseho maneran-tany. Mazava araka izany ny hevitry ny fitondram-panjakana fa tsy misy afa-tsy ny fifidianana irery ihany no imasoan'izy ireo amin'izao fotoana izao. Isan'ny nampahoraka be ity resaka tetezamita ity ny fanambarana nataon'ny Masoivohon' ny Vondrona Eorôpeana ny alatsinainy lasa ny amin'ny tsy fandavany ny famatrehana ny tetezamita raha ifanarahan'ny rehetra. Sady mampiditra moa izy ireo no mamoaka amin'ny fanehonkevitra ataony. Resaka diplômasia rahateo no voizina ka manjaka ny fihatsaram-belatsihy. Ankoatra io fanambarany io mantsy dia manamafy izy ireo etsy andaniny fa vonona hamatsy vola ny fifidianana na dia hahenany aza ny fandraisany anjara amin'izany. Raha tsiahivina dia krizy politika sy fizaran-tseza ary fanaovana tantely afadrakotra ny harem-pirenena no mahazo vahana rehefa misy fitondrana tetezamita, ka izany ve no ezahina haverina eto indray ?

**Filaminam-bahoaka hatrany**

Ankoatra io dia isan'ny notsindrian-dRtoa minisitra ihany koa ny mikasika ny fahalahalana maneho hevitra. Nambarany fa tsy misy ny faneriterana saingy miezaka mitandro ny filaminambahoaka hatrany ny fitondram-panjakana amin'ny alalan'ny fampiharana ireo lalana isan-tsokajiny. Tsy tokony hitsabahan'iza na iza, hoy izy, ny fampiharana ny lalàna sy ny fandraisana fanapahan-kevitra momba izany, satria firenena manana ny fiandrianany i Madagasikara.

**JUDD**

Famatsiam-bola ny fifidianana

# Basy atifi-kavana ny an'ny fianakaviambe iraisam-pirenena

Na dia somary tsy nivantana aza ny fomba nampitan'ny mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany ny hafatra, tamin'ny alalan'ny Vondrona Eôrôpeana, ny alatsinainy lasa teo dia nazava ny tiany hambara, miohatra amin'ny fanomezana ny hoenti-manana hanatanterahana ny fifidianana filohampirenena. Basy atifi-kavana mantsy ny an' ny fianakaviambe iraisampirenena fa tsy hanokana bolongam-bola betsaka hanohanana an'i Madagasikara, toy ny tamin'ny taona 2018 izy ireo fa hameno kosa izay banga. Ny elanelana misy anefa dia betsaka, niainga tamin'ny fanazavana nomen'ny Vaomiera Manokana Mikasika ny fifidianana, satria voalaza fa manodidina ny 140 miliara ariary no fandaniana takian'ny fanatanterahana fifidianana, fihodinana voalohany sy faharoa, nefa tsy misy afa-tsy 40 mialiara ariary no voasoratra ao anatin'ny lalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana, amin' ity taona ity. Ny tsiliantsofina anefa milaza fa tsy manam-bola ny fanjakana. Raha izay tokoa no zavamisy dia mipetraka ny fanontaniana hoe aiza no hahitana ilay 100 tapitrisa ariary famenony? Io fanambaran'ny Vondrona Eôrôpeana izay marihina fa anisan'ny mandray anjara betsaka amin'ny famenoana ny "basket fund", resahina eo ambony dia mifanindry amin'ny fotoana iresahana betsaka mikasika ilay fananganana tetezamita tokony hifanarahan'ny hery velona rehetra, fantatra amin'ny alalan'ny hoe : GENIE (Gouvernement d'Entente Nationale Intérimaire pour l'Election). Hampilamina sady hahavaha olana ve ? Andrasana izay ho fivoaran'ny toe-draharaha!

**V.R.**

APMF sy ny Etamazaoron'ireo ny tafika (EMA)

# Nampifandrindra ny fiaraha-miasa amin'ny fiarovana ny sisin-tany

Vita sonia omaly teny Ampahibe ny fifanaovantsonia fiaraha-miasa eo amin'ny Sampandrahara miandraikitra ny Seranan-Tsambo, ary ny fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy, na APMF, sy ny Etamazaoron'ireo tafika (EMA) eo anivon'ny minisiteran'ny fiarovam-pirenena. Tanjona ao anatin'izany ny fampifandrindrana ny fiaraha-miasa mikasika ny fampiasana ireo fitaovana sy ny olombelona eo anivon' ny APMF sy ny EMA amin' ny fiarovana ny sisin-tany, ny famonjena ain'olona, ary ny fiarovana ny tontolo iainana na an-dranomasina na an-dranomamy. « *Zavadehibe tokoa ny fampivondronana ny fahaiza-manao ananan'ny roa tonta, satria dia mifameno tokoa ireo iraka sy andraikitra sahanin' ny eo anivon'ny Tafika sy ny APMF ka ahafahana mahazo vokatra tsara hatrany sy miantoka ihany koa ny fampandrosoana an'i Madagasikara*", hoy ny fanazavana. Nilaza ny minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa, fa ao anatin'ny fanantanterahana ny velirano voalohan'ny Filohan'ny Repoblika, dia ny fametrahana ny fandriam-pahalemana maharitra manerana ny Nosy, sy ny velirano faharoa ambin'ny folo, ny fahavitan-tena sy ny fandraisana andraikitra eo amin'ireo faritra, no anisan' ny fototra lehibe ahafahana mampandroso ny firenena, satria tsy hisy ny fanondranana na ny fiondranana an-tsokosoko atao ka hitombo ny vola hiditra ao anatin'ny kitapom-bolampanjakana, ary hahaleo tena ny faritra tsirairay. Marihina fa isan'ny nanatrika ity hetsika ity ihany koa ny minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr' andro, Atoa Ramonjavelo Valéry.



**Ny fifanaovan-tsonia teo amin'ny Tale Jeneralin'ny APMF sy ny Lehiben'ny EMA teny Ampahibe.**

**JUDD**

## Marina izany !

### Efa nampoizina !

**Tsy nijanona teo amin'ny famoahana ilay sazy fito taona asa an-terivozona ny raharaha Raïssa Razaivola. Raha tsy andrenesam-peo intsony ohatra ireo mpanao gazety sy ny fianakaviany fa miaritra sy miandry ny rariny any am-ponja any. Toy izany koa ireo mpandraharaha sy mpanao pôlitika tsy mitovy hevitra amin'ny mpomba ny fanjakana sy ireo mpampaneno lakolosy nanelingelina. Tsy izany anefa no mitranga amin'i Raïssa Razaivola sy ny fianakaviany. Taorian'ireny nanononany ny anaran'ny tompon'andraikitra ambony roa ao amin'ny minisiteran'ny fitsarana ho nandray volabe saran'ny fangatahany hivoaka ny fonja, teny amin'ny fitsarana ireny dia nanao fanambarana tamin'ny haino aman-jery indray ny vady andefomandriny. Niantso ny minisitera mpiahy sy ny vahoaka malagasy itsy farany nampahafantatra fa tratran'ny antsojay i Raïssa Razaivola. Efa nampoizina ihany koa ny ho fihetsik'io renim-pianakaviana io fa tsy hangina na dia efa giazana any amponja aza. Namoaka taratasy misokatra, mampahafantatra, miantefa amin'ny mpitondra sy ny fianakaviambe iraisam-pirenena izy fa misy porofo avokoa ny nambarany. Raha mandeha araka ny tokony ho izy izany ny fomba fiasan'ireo sampandraharaha samihafa, natsangana manokana hiady amin'ny kolikoly dia antenaina fa hanokatra fanadihadiana izy ireo hanaporofo na mitombina na tsia ny volabe naparitaka. Efa nametraka fitoriana, eny amin'ny Birao Mahaleo Tena Miady amin'ny kolikoly rahateo io renim-pianakaviana io. Ary tsy ny mahakasika io raharaha io ihany fa maro ny dosie mamofompofona kolikoly no tokony hanokafana fanadihadiana. Tokony hitovy mantsy ny fampiharana ny lalàna, amin'izay rehetra voaporofo fa meloka !**

Voahangy Rakotozafy

Fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana

# Nametraka fitoriana teny amin'ny HCC ny antoko PSD

Araka ny loharanom-baovao akaiky ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana dia mbola eo am-pandinihana ny fitoriana napetraky ny Sekretera Nasionalin'ny antoko PSD manodidina ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana io andrimpanjakana io ary hamoaka izany amin'ny fotoana mahamety azy. Fitoriana nanehoan'ny antoko PSD ny tsy fankasitrahany ny andininy faha-8 sy faha-19 voasoratra ao anatin'ny didim-panjakana laharana 2022-667 tamin'ny 11 mey 2022 mahakasika ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana, izay sokajiany ho mifanohitra amin'ny lalampanorenana sady manohintohina ny zo fototra sitrahin'ny antoko politika eto Madagasikara. Raha tsiahivina dia milaza ny andininy faha-8 ao anatin'izany didim-panjakana izany fa mijanona ho mpanaramaso fotsiny ny antoko politika mpikambana amin'ny Vaomiera Ifotony Mpanisa Mpifidy (CLRE) mandritra izany fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana izany. Toe-javatra toherin'ny PSD satria hoe raha miainga amin'ny voalazan'ny lalampanorenana ao amin'ny andininy faha-14 dia afaka mandray anjara feno amin'ny fanehoana safidy ny antoko politika.

**Firaketana an-tsoratra**

Tsy eken'ny PSD ihany koa ilay andininy faha-19, satria hoe manilika ny antoko politika tsy handray anjara amin'ny firaketana an-tsoratra ny resaka rehetra manodidina io fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana io. Milaza izany andininy izany fa anjaran'ireo solontenan'ny CENI eny anivon'ny distrika samirery ny manao izany. Raha tsiahivina dia efa nametraka fitoriana teny amin'ny Filankevipanjakana mba hanesorana ireo andininy roa ao anatin'ny didim-panjakana laharana 2022-667 tamin'ny 11 mey 2022 mahakasika ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana ireo ny PSD tamin'ny taon-dasa. Mbola tsy nahazoambaovao kosa ny tohin'izany dia izao nametraka fitoriana teny amin'ny HCC izao izy ireo. Ny azo ambara anefa dia sady tsy filohan'Andrimpanjakana no tsy mpikamban'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ny antoko PSD ka mety tsy horaisin'ny HCC izany fitoriana napetrany izany.

**Mamy R.**

Antenimierandoholona

# Hodinihana voalohany ny fehezan-dalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany

Herinandro aty aorian'ny nanombohan'ny fivoriana ara-potoana teny anivon'ny Antenimierandoholona, nivoaka ny volavolampandaharam-potoana voalohany hodinihana eny amin'izany Andrimpanjakana mpanao lalàna izany. Tsikaritra ao anatin'izany fa hatao vaindohan-draharaha ny volavolan-dalàna laharana faha 005/2023 tamin' ny 12 aprily 2023 mahakasika ny fehezan-dalàna mifehy ny harena akibon'ny tany (code minier). Handraisana fanapahan-kevitra mandritra ny fivoriana azon' ny besinimaro atrehina izany ny talata 23 mey 2023 amin'ny 03 ora tolakandro ho avy izao. Raha tsiahivina, amin'ity herinandro ity no handinika izany ny eny anivon'ny Antenimierampirenena, raha tsy misy ny fiovana. Manaraka izany, ny alakamisy 25 mey 2023 amin'ny 09 ora maraina kosa no entina andraisana fanapahan-kevitra mandritra ny fivoriana azon'ny besinimaro atrehina eny anivon'ny Antenimierandoholona ny Volavolan-dalàna laharana faha 003/2023 tamin'ny 09 martsa 2023 mahakasika ny fampiasambola eto Madagasikara ary ny Volavolan-dalàna laharana faha 002/2023 tamin' ny 15 martsa 2023 manome alàlana ny fankatoavana ny fifanarahana findramambola mifandraika amin'ny famatsiana ny « Programme Intégré d'Assainissement d'Antananarivo, 2ème phase (PIAA2)" nifanaovan'i Repoblikan'i Madagasikara sy ny "Agence Française de Développement" (AFD) sonia ny 08 desambra 2022.

Mamy R.

Filoha Andry Rajoelina

# Nandray ny iraky ny FMI teny Iavoloha



**Ny Filoha Andry Rajoelina nandray ny iraky ny FMI teny Iavoloha.**

Ny alahady teo no nandray ny iraky ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI), izay notarihan' ny tale misahana an'i Afrika Atoa Abebe Aemro Selassie teny Iavoloha ny Filoha Andry Rajoelina. Nifantohan'ny diniky ny roa tonta tamin'izany ny famolavolana ny FEC andiany faha-4 izay nahitam-bokany hatreto. Nambaran'ny Filohan'ny Repoblika tamin' izany Andry Rajoelina fa vonona isika hanohy ireo ezaka efa natao hitondrana fampandrosoana sy hanorenana ho avy mamiratra ho an'ny taranaka any aoriana. *« Isaorantsika ny fanohanan'ny FMI ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana. Mizaka ny voka-dratsin'ny fiovaovan'ny ny toetrandro ihany koa i Madagasikara koa misaotra ny Tale Jeneralin'ny FMI, Kristalina Georgieva ny tenako ny amin' ny nametrahany antsika ho isan'ireo lohalaharana amin' ny fisitrahana ny « Fonds Fiduciaire pour la Résilience et la Durabilité" - FFRD mba hahafahana miatrika izany"*, hoy izy. Raha tsiahivina, efa matetika no nisy fihaonan'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Tale Jeneralin'ny FMI tany ivelany mikasika ny fampandrosoana azo atao ho an'i Madagasikara.

JUDD

Ambinanindrano- Faritra Amoron'i Mania

# Nahazo fampitaovana marobe avy amin-dRtoa Governora



**Nahazo tso-drano izay zava-mahery tamin'ireo Tangalamena Rtoa Governora.**

Nahazo fampitaovana marobe avy amin-dRtoa Governora Haingo Nambinina ny mponina tany amin'ny kaominina Ambinanindrano ao anatin'ny faritra Amoron'i Mania ny faran'ny herinandro teo. *"Napetratsika ny vato fototry ny lalana-hatao rarivato eo an-tampon-tanana, hanorina trano efitra 2 ho an'ny lisea izay tsy misy any an-toerana koa ny fitondram-panjakana, 90 andro ny faharetan'ny asa any ary mbola hiverina izahay amin'ny hanolorana izany ho an'ny vahoaka. Nanome fanitso hanarenana ny tafon'ny EPP simban'ny rivodoza Batsiray koa izahay, handoko ny lapan'ny tanàna any Ambinanindrano. Notolorana latabatra sy seza 100 avy amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana ny EPP. Betsaka ny sosialy notanterahina tamin' izao fandalovana izao. Toy ny fanampiana ara-bola ny fikambanam-behivavy hanaovana voly avotra sy hanatevenana ny kitapom-bolan'izy ireo, avy amin-dRtoa Filohan'ny Antenimieram-pirenena Christine Razanamahasoa. Nanaovana asa sosialy koa tao Ranomena Ankazotsararavina. Nomena fanamiana fanaovana fanatanjahantena ny tanora. Tsy hadino koa ny fanomezana Jiro mandeha amin'ny herin'ny masonadro 04 isany ho an'ny dokontany 5 avy amin'Atoa Loholona Raymond Nala. Teo koa ny fanolorana vilany lehibe numéro 120 sy koveta 20 ary, siny 20 avy amin-dRtoa Minisitry ny mponina Soafilira Princia"*, hoy Rtoa Haingo Nambinina, Governoran'ny Faritra Amoron'i Mania.

**Fampiofanana**

Nambaran'ny delegasiona niaraka tamin'ity farany fa am-pitiavana no namangiana ny vahoakan'ny tao amin'ny kaominina Ambinanindrano ka nilazany fa *" tsy tany lavitra Andriana ianareo fa eto izahay, nirahin' Atoa Filoham-pirenena Andry Rajoelina hanatanteraka ny veliranony"*, hoy Rtoa Governora. Sambany tamin'ny tantara, hoy ny vahoaka sy ny mpitondra any an-toerana, mba nisy fitondram-panjakana nitsidika izy ireo. Manoloana an'izay dia velom-bolo ny vahoaka ary faly sy ravo ka nahafinaritra ny fitsenana isam-pokontany sy ny boriborintany teny an-dalana. Isan'izany ny fokontanin'i Soanierana, Vohitraivo, Vohibola, Ambinanindrano, Ankerana izay samy ao anatin'ny faritra Amoron'i Mania avokoa. Hisy ny fampiofanana avy amin'ny Talem-paritry ny fambolena momba ny tekinikam-pambolena manarapenitra homena an'ireo tantsaha any ifotony. Ankoatra izay nisy ny fanolorana koveta miisa 100 ho an'ireo olona marefo, fanomezana lambahoany ny vehivavy sy koa lamba ho an'ireo Tangalamena; ary tsy hadino ny ekipan'ny TGV. Nanao ora enina tamin'ny moto vqo tonga tany an-toerana ny delegasiona ary niaritra ny orana nikija nandritra ny ora efatra.

Heriniaina A.

## Teny rehetra teny



**Nandritra ny fankalazana ny andron'i Eoropa 09 Mey, omaly.**



**Manasa antsika rehetra hiaraka hankalaza izany ka hanatrika ny hetsika karakarain'ny Vondrona Eoropeana eny amin'ny Parvis Analakely ny Ambasadaorony Isabelle Delattre Burger.**



**Nampahafantarina teny Androhibe omaly ny "FokonOlona47 ".**



**Vinam-piarahamonina niainga tao anatin'ireo fikaonan-doha sy ady hevitra nokarakarain'ny CEDS tao anatin'ny 20 taona nisiany izany.**



**Manomboka mivangongo indray ny fako eto an-drenivohitra.**

Sary : Princy R.

Moramanga

# Velaran-tany 64 Ha no nohajarian'Ambatovy



**Mamokatra Ambioka maro karazany Ambatovy amin'ny taninjanakazo ao Moramanga.**

Nanomboka tamin'ny 2010 hatramin'ny 2016 ny fotoana napetraky ny orinasa Ambatovy hanaovana andrana. Ny faran'ny taona 2017 no niditra tamin'ny fanajariana ireo tany avy niasana nangalana Nickel sy Cobalt izy ireo. Hatreto dia 64 HA ny velarantany nohajariana ho an'ny toeram-pitrandrahana ao Moramanga. Betsaka ny toerana nohajariana fa ny 180HA tamin'ireo tsy ala. Nahomby hatrany amin'ny 98 isanjato izany asa fanajariana ny ala natao izany. Voarakitra ao amin'ny bokin' andraikitry ny orinasa Ambatovy fa manana 18 taona izy ireo hamerenana ny ala tsy maintsy notapahina sy nesorina nahafahana mitrandraka ny akora ilainy. Raha ny fenitra anefa dia 125 taona vao tokony ho tafaverina amin'ny laoniny ny ala nesorina eo, ary andraikitr'Ambatovy ny miantoka izany aorian'ny fe potoana iasany. Nisafidy anefa izy ireo fa alefa tsikelikely izany fanarenana ny ala izany fa tsy miandry fotoana hahataperan'ny fitrandrahana vao manomboka. Tsy vitan'izay fa tsy maintsy misy fifandimbiasana ny zavamaniry atao eo.

**Tanin-janakazo**

1700 ny karazan-javamaniry hita tao amin'ny faritra nitrandrahana ka mila averina ao anatin'ny 18 taona. Tsy hampifandimby zavamaniry ihany koa izy ireo hanarina izany amin' ny vanim-potoana haingana kokoa. Mazava ho azy fa tsy ho tafaverina sy hovokarina daholo izany. Izay no nahatonga azy ireo nisafidy hanao tanin-janakazo, ka karazan-janakazo 400 no nomena lanja sy hovolena. Tanjona goavana indrindra amin'izany ny hanirian'ireo hazo maharitra sy mitombo araka ny tokony ho izy ary mba ho rakotra tantetaka ny velarantany rehetra fa tsy hitsitokotoko. Nalaina ho maodely amin'izany ireo ala tsy nokitihina ka rehefa mitovy amin'izay dia azo ambara fa tafaverina amin' ny laoniny ny ala. Isantaona dia 24 Ha eo foana no velarantany vita fanajariana, fa amin'ity taona ity dia 18 HA no atao. Manodidina ny 3 500 000 ny isan'ny zanakazo ilaina amin'izay velarana izay fa avo roa heny kosa ny zanakazo hita ao amin'ny taninjanakazon' Ambatovy, Moramanga. Tsara ho fantatra fa asa



**18 taona no fe-potoana napetraka hanarenany ireo toerana avy nitrandrahana.**

fanarenana no sady hahafahana mijery ny asa fikajiana ara-tontolo iainana no anton'ity tanin-janakazo ity. Asa fanorenana, ka ireo faritra simba no alaina ary afindra amin'ny toerana hafa. Eo ihany koa ny famokarana ambioka, fampitsimohana ary fiarovana ireo karazana "orchidée".

**"Orchidée"**

Misy karazana "orchidée" 1000 eto Madagasikara ka ny 28% mahery kely dia hita ao Ambatovy Moramanga avokoa. Nametraka programa manokana misahana ny fikajiana ny "orchidée" Ambatovy nanomboka tamin'ny 2008. Nafindra amin'ny faritra arovana manokana ireo hita fa marefo nanomboka tamin' ny 2010. Betsaka ihany koa ireo tsy fantatra anarana ka nanaovana fanadihadiana manokana vokatry ny fiaraha-miasa amin'ny mpikaroka vahiny maro. Hita tamin' ny fikarohana natao fa amin'ireo 283 karazana orchidée hita ao Moramanga, karazany 3 no ahiana mafy ho lany tamingana, 63 ahiana ho lany tamingana ary 28 karazany vaovao mihitsy. Tsiahivina fa mirefy 1600 Ha ny haben'ny toeram-pitrandrahana ao Moramanga raha 320Ha ny ao Toamasina. Misy 12000 ny mpiasa ary maherin'ny 90 isanjato dia Malagasy avokoa. Misy fitsidihana ataon' ny mpanao gazety ao amin' ny toeram-pitrandrahana Moramanga nokarakarain' ny orinasa Ambatovy io, mba hampahafantarana ny asa ataon'izy ireo sy ny zavamisy any an-toerana.

**Nath**

Politeknika - Mpampianatra an-tselika

# Mitokona kanefa tsy azon' ny lalàna saziana

Mitokona nanomboka omaly ireo mpampianatra an-tselika eny anivon'ny Politeknika Vontovorona. Nilaza ny Pr Ravelonirina Sammy Grégoire fa *"tsy azon'ny lalàna saziana raha miato amin'ny asany ireo mpampianatra "vacataire" ireo. Ny antony! Ny sata mifehy ny mpampianatra an-tselika dia tsy voafaritra anaty lalàmpanorenana, fa amin'ny maha-"vacataire" azy ireo izay dia miasa amin'ny alalan'ny fifanarahana arakasa soniavina miaraka amin'ny oniversite na IST tsirairay, izay mety ho iray na roa taoana azo itarina sy tohizana, ary mipetraka mazava tsara ao anatin'izany fifanarahana izany ny andinindininy rehetra momba azy".* Fantatra fa ireo mpampianatra an-tselika eny anivon'ny Politeknika Vontovorona ohany no tsy mampianatra noho ny tsy fahazoan'izy ireo tambinkarama. Efatra taona izay 25 isanjato ihany no mbola voaray hatramin'izao. "Izahay mpampianatra an-tselika ihany no tsy miasa fa ireo efa mpampianatra fonksionera kosa dia dia miasa ihany. Efa niandry sy nandefitra ela loatra izahay, izay mahafeno hatrany amin'ny 64 isanjaton'ny mpampianatra eny anivon'ny Politeknika. Amin'izao dia mbola ny fandoavana ny vatsimpianaran'ny mpianatra no mbola mandeha. Anakoatra izay dia mandeha koa ny fandoavana ny tambinkarama tamin'ny bakalorea, izay efa tanteraka sy nirosoan'ny Minisiteran'ny Fampianarana ihany koa, ary rehefa vita izany dia hiroso amin'ny fikarakarana ny ora fanampiny sy ny "vacation" amin'ireo oniversite sy IST. Efa nahazo ampahany tamin'izany ny oniversiten'i Toamasina, Mahajanga, Antananrivo, Toliara ary Fianarantsoa. Fantara fa raha mikasika ny fanadraisana ho mpiasam-panjakana, na ireo mpampianatra raikitra ho fonksionera, dia mifototra amin'ny sata ankapoben'ny mpiasam-panjakana rehetra ho Minisitera mpiahy. Mampihatra ny lalàna mifehy ny satan'ny mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, araka lalàna laharana 2021-005 tamin'ny 14 jona 2021, ny Minisitera. Nohamafisina tamin'iny "circulaire" izany tamin'ny fandraisana mpampianatra, ho fanajana ny mangaraharaha.

**Heriniaina A.**

Faritra Anosy

# Mankalaza ny herinandro natokana ho an'ny karatany



**Notronin'ireo olo-manankaja any an-toerana Atoa Governora (eo afovoany) tamin'ity hetsika ity.**

Ny fanentanana ireo fokonolona sy ny fampahafantarana ireo mponina ny maha zava-dehibe ny fananana karatany no nisantarana ny fankalazana ny herinandro natokana ho an'izany tao amin'ny kaominina Mahatalaky, omaly tany amin'ny faritra Anosy. Fantatra ihany koa fa haorina tsy ho ela ao amin'ny kaominina Mahatalaky ny BIF ( Birao Ifoton'ny Fananan-tany) hiarahan'ny Ministera mpiahy miasa amin'ny mpiara-miombona antoka Afafi-Sud. Voafidy manokana ny tao amin'ny kaominina Mahatalaky, distrikan'i Tôlagnaro, nanambarana tamin'ny fomba ofisialy ny fanombohan'ny fankalazana ny herinandro natokana ho an'ny karatany. Ny governoran'ny faritra Anosy Jocelyn Raharimbola no nisolo tena ny fitondram-panjakana nandritra ny lanonana tany an-toerana, izay notronin'ny ben'ny tanànan'i Mahatalaky sy ireo mpiara-miasa ao amin'izany kaominina izany, ary ireo ekipa avy amin'ny fitaleavam-paritry ny fananan-tany sy ny fanajariana ny tany any an-toerana ihany koa. Nohamafisin'Atoa Governoramparitra ny fampirisihana ireo fokonolona mba hikarakaran' izy ireo ny maha tompon'ny tany azy ireo, ka hahafahana mampiasa ny tany eo amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana mba hanatratrarana ny velirano fahasivy nambaran'ny Filoham-pirenena Andry Nirina Rajoelina mikasika ny fahavitan-tena ara-tsakafo eto amintsika.

**Heriniaina A.**

Faritra Atsinanana

# Nandray ny atrikasa nanombohana ny iray volan'ny fiahiana ara-tsosialy

Tamin'ny alalan'ny atrikasa sy ady hevitra ary fitsidihana ireo mpisitraka ny fiahiana ara-tsosialy no nanamarihana ny fiantombohan'ny iray volan'ny fiahiana aratsosialy ao amin'ny faritra Atsinanana, ny herinandro lasa teo. *"Tamin'izany no nentina nanomboka ny herinandron'ny haraton' aina, izay efa fanao isaky ny volana mey isan-taona. Tao koa ny varotra sy fampiratiana nataon'ireo mpisitraka sy ireo mpandraharaha avy amin'ny faritra maro. Nisy ny dinidinika mahakasika ireo fandaharanasa ao amin'ny tetikasa haraton'aina narahina dinidinika sy ady hevitra mahakasika ny "Régistre Sociale Unique" sy ny "Guichet Unique". Tsy hadino ihany koa ny resadresaka mahakasika ny fiahiana ara-*



**Ireo nandray anjara tamin'ny adihevitra momba ny fiahiana ara-tsosialy.**

*tsosialy arahina latsakemboka"*, hoy Atoa Rivomanana Ghisbert, tale jeneralin'ny fiahiana sosialy eo anivon'ny Ministeran'ny Mponina tamin'ny mpanao gazety. Miisa 2000 mahery ireo olona tonga nandray anjara sy nametra-panontaniana, nitondra fitarainana sy nizara ny fisalasalany ary nanome sosokevitra. Isan' izany ireo mpianatra amin' ny anjerimanontolo miankina sy tsy miankina amin' ny fanjakana, tanora tsy an'asa, mpandraharaha, ireo sefo fokontany, ireo tomponandraiki-panjakana. Tao koa ireo solontenan'ny mpiara-miombona antoka sy ireo Minisitera maro mpiara-misehatra amin'ny fiahiana sosilay. Nitarika ny fotoana rehetra Rtoa Sekretera Jeneraly Rakotonirina Miarisoa Patricia, izay nisolo tena ny minisitry ny mponina Soafilira Princia. Mbola hitohy mandritra ity volana mey sy ny tapaky ny volana jiona ho avy izao ny fanamarihana ny iray volan' ny fiahiana ara-tsosialy. Anisan'ny handray anjara amin'izany koa ny faritra Fitovinany, Anosy sy Atsimo Atsinanana ary Analamanga.

**Heriniaina A.**

"FokonOlona47"

# Hanome ohatra azo ampiharina amin'ny fampandrosoana

Namoaka vokatra vaovao ny CEDS (Centre d'Etudes Diplomatiques et Stratégiques). Nampahafantarina omaly teny Androhibe ny "FokonOlona47", izay vinam-piarahamonina niainga tao anatin'ireo fikaonan-doha sy ady hevitra nokarakarain'ity Ivontoerana mpanofana manam-pahaizana ambony ity tao anatin'ny 20 taona nisiany. Efa azo jerena ao amin'ny tranokala www.fokonolona47.social ity vinam-piarahamonina ity ary mivoy ireo hevitra hoentina mampandroso ny firenena sy natao ho an'ireo olona manana vina hitondra firenena. Hisy koa ny "Oniversite lohataona" amin'ny 19 may ho avy izao any Toamasina. Ireo mpianatra manam-pahaizana andiany faha-19 novolavolain'ny CEDS, misalotra ny anarana



Lanonana fanolorana ny vokatra sy ny hetsika karakarain'ny CEDS teny Androhibe. (Sary: Princy)

"Samuel Rakotondrabe", no mikarakara ity fikaonan-doha ity. Hanetsika ireo matihanina sy tomponandraiki-panjakana hifampizara fahalalana sy handinika ny zava-misy eto amin'ny firenena ary hametraka fanamby ity fikaonan-doha atao any Atsinanana ity. Hisy ny fanolorana vahaolana azo ampiharina sy azo tsapain-tanana hoentina mampandroso ny firenena amin'ny alalan'ny fanjakana tsara tantana sy ny fampandraisana andraikitra ireo manam-pahaizana.

**R. Muray**

MVola

# Nosokafana ny fandefasam-bola avy any Kômôro

Mivelatra amin'ny firenena hafa ny orinasa MVola. Nosokafana nanomboka ny 17 aprily lasa teo ny fahafahan'ireo teratany kômôriana eto Madagasikara mandray vola avy amin'ireo olona akaiky azy ireo any Kômôro amin'ny alalan'ny tolotra MVola. Tsy mila mandalo masoivoho na banky intsony ireo mpandefa vola avy any Kômôro na ireo mpandray ny vola eto Madagasikara fa avy hatrany dia mivantana ao amin'ny finday ny vola. Tsy miandry ela fa eo no ho eo ihany dia tonga ao amin'ny kaontin'ny nandefasana ny vola efa Ariary, izay manaraka ny taha ampiharin'ny Banky foiben'i Madagasikara. Anisan'ny mora indrindra ao Kômôro ny tahan'ny fandefasam-



Miara-miasa amin'i Kômôro ny MVola.

bola. Voaaro amin'ny alalan'ny kaody miafina ny fandefasam-bola atao. Azo ampiasaina 24 ora amin'ny 24 ora ary 7 andro amin'ny 7 andro amin'ny toerana rehetra ity tolotra ity.

**R. Muray**

Lentam-panofanana

# Ivontoerana 9 nahazo fanamafisana traikefa

Antoka ho an'ny fivelaran'ny orinasa ny fananana mpiasa tsara ofana. Tamin'ny faramparan'ny herinandro lasa teo, tao Antsirabe, faritra Vakinankaratra, dia ivontoeram-panofanana sivy no notolorana taratasy fanamarinam-piofana momba ny kalitao sy lentam-panofanana mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena eo amin'ny tontolon'ny asa. Voafantina tao anatin'ny fandaharanasa P2CSI (Programme de Certification des organismes sur les Compétences de formation en Conformité sociale et sur la compétitivité des Industries), izay iarahan'ny FMFP (Fonds Malgache de Formation Professionnelle) sy



Natrehin'ny solontenan'ny OIT sy ny minisitry ny fampianarana teknika ary ny governoran'i Vakinankaratra ny lanonana tany Antsirabe.

ny tetikasa « Better Work » miasa, ireto ivontoerana ireto. Niofana nandritra ny herintaona momba ny lohahevitra mikasika ny dinika sôsialy, ny zo sy ny andraikitry ny mpiasa, ny herisetra sy ny fandrahonana eo amin'ny tontolon'ny asa, ny fanerena ara-nofo sy ireo tekinika fiambenana. Notombanana tamin'ny alalan'ny fahaizan'ireto ivontoerana ireto nanome fiofanana ho an'ireo mpanjifan'izy ireo ny fampiofanana nomena azy ireo. Marihina fa fandaharanasan'ny OIT (Organisation Internationale du Travail) sy ny IFC (Société Financière Internationale) ny P2CSI ary nahazoana famatsiam-bola avy tamin'ny Vondrona Eôrôpeana. Kendren'ny fandaharanasa ny hampiakatra ny lentam-panofanana ho an'ireo orinasa eto Madagasikara andaniny, ary hampivelatra bebe kokoa ny orinasa sy ny mpiasa ao aminy eo amin'ny lafiny famokarana ankilany.

**R. Muray**

Fantina

# Ireo sakafo manasitrana ireo taova

Maro ireo karazan-tsakafo manampy amin'ny fitsaboana sy ny fiasan'ny taova ao anatin'ny vatan'olombelona. Anisan'izany ireto legiôma sy voankazo manaraka ireto :

**Ny karaoty :** Manan-karena "Bêta-Carotène" na karazam-"Bitamine A" ny karaoty. Mety amin'ireo olona manana olana amin'ny maso ny fihinanana azy, indrindra fa hanina manta na atao vinegrety, noho ity karazana "Vitamine" ity tena miasa amin'ny fanatsarana ny fahitana.

**Ny voatabia :** Ny loko mena mandrafitra ny voatabia dia avy amin'ny "Lycopène". Ity singa ity dia manampy amin'ny fisorahana ny aretin'ny fo.



**Ny sakamalao :** Manampy amin'ny fisorahana ny aretimbavony ny fihinanana sakamalao. Sady mampihena ny fiforonan'ny asidra ao anaty vavony no mampiakatra ireo singa mpiaro amin'ny bakteria, izay tena mahatonga ny fery ao amin'io taova io.

**Ny zavoka :** Mifanaraka tsara amin'ny fitondrana vohoka ny fihinanana zavoka. Ahitana "Acide gras", "Vitamines" B6 sy B9, ary "Potassium", izay samy miasa amin'ny fiarovana ny vozon'ny tranon-jaza.



**Ny voaloboka :** Misy "Resvératrol" ao anatin'ny voaloboka. Io singa io dia manampy amin'ny fisorohana ny homamiadan'ny havokavoka.

**Ny tsaramaso mena :** Manan-karena "Fibres", izay tena mandray anjara amin'ny fandanjalanja ny tahan'ny "Cholestérol" ao anatin'ny vatana. Manampy amin'ny fitazonana ny fiasan'ny voa araka ny tokony ho izy ihany koa.

**Ny seleria :** Manan-karena kalsiôma. Manamafy ny taolana ny fihinana azy.

**Nangonin'i R. Muray**



## Sarisary zary tenany

**Lena**




## Hatsikana an-tsary

**Nahita**




### Masoandro miposaka

**Jaona 14 : 25-26**

25 Izany teny izany dia efa voalazako taminareo raha mbola mitoetra eto aminareo Aho; 26 fa ny Mpananatra*, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako. Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo.

### Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Aza manao ahy sy azy.**

Ne dites pas "c'est à moi", "c'est à lui".

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2946

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 3 | | | | | 6 | | |
| | | | | | | | | |
| 2 | | | | | 6 | | 5 | |
| | 4 | 5 | 7 | 3 | | | | |
| 3 | | | 9 | | | | | |
| | | 2 | | | | 9 | | 7 |
| | | | | | 2 | | | 8 |
| | | 4 | 6 | | | | | 5 |
| | | | | 4 | 5 | | 1 | |

Valin'ny laharana 2945

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 5 | 2 | 3 | 7 | 9 | 1 | 6 | 8 |
| 1 | 6 | 8 | 4 | 5 | 2 | 9 | 7 | 3 |
| 7 | 9 | 3 | 8 | 1 | 6 | 2 | 4 | 5 |
| 8 | 1 | 4 | 2 | 6 | 5 | 7 | 3 | 9 |
| 5 | 2 | 7 | 9 | 3 | 8 | 6 | 1 | 4 |
| 6 | 3 | 9 | 7 | 4 | 1 | 8 | 5 | 2 |
| 3 | 8 | 6 | 1 | 9 | 4 | 5 | 2 | 7 |
| 9 | 7 | 5 | 6 | 2 | 3 | 4 | 8 | 1 |
| 2 | 4 | 1 | 5 | 8 | 7 | 3 | 9 | 6 |

## TENY MIAFINA N°539

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsipiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

*Vakiana tsotra ny valiny.*

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| P | N | A | F | J | A | H | T | H | I |
| R | M | P | O | H | J | Y | J | P | M |
| E | O | H | Y | T | H | V | A | E | I |
| R | F | T | S | E | E | S | K | N | A |
| J | D | Z | Y | T | O | V | N | A | K |
| G | I | D | O | D | R | Y | R | I | G |
| J | D | Z | M | H | V | O | N | A | K |
| P | F | I | I | B | G | E | K | N | B |
| L | O | K | M | K | F | J | A | J | F |
| O | N | R | F | J | G | E | T | R | |

07 litera

**Val in'ny teny miafina 538: MOKARY**

### VALIN'NY Kakuro 537

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 9 | | 2 | 1 | 3 | | 3 | 9 | 8 | 7 |
| 2 | 7 | | 7 | 3 | 9 | | 1 | 5 | 3 | 2 |
| 1 | 4 | 3 | 6 | 2 | 7 | 9 | 5 | 8 | | |
| 5 | 8 | 7 | 9 | | 1 | 8 | | 1 | 6 | 9 |
| | | 5 | 8 | 9 | | 4 | 1 | 2 | 3 | 6 |
| 1 | 5 | 2 | 4 | 7 | 3 | | 2 | 3 | 8 | |
| 8 | 9 | 4 | | 2 | 1 | 3 | 4 | 6 | 9 | 8 |
| | 4 | 1 | 9 | 3 | | 1 | 3 | 4 | 7 | 2 |
| 9 | 8 | | 2 | 1 | 3 | 9 | 8 | 7 | | |
| 1 | 3 | 4 | 5 | | 1 | 8 | 6 | | 5 | 9 |
| | 1 | 2 | 3 | 9 | 4 | | 9 | 2 | 4 | 8 |
| 9 | 7 | | 4 | 8 | 5 | 9 | 7 | 1 | 2 | 6 |
| 2 | 6 | | 1 | 4 | 2 | 3 | 5 | | 1 | 7 |

### VALIN'NY TENY MIRANDRANA lah. 7564

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ● | ● | T | E | R | A | T | A | N | I |
| L | A | O | K | A | N | A | R | E | O |
| E | ● | ● | E | N | I | ● | I | ● | ● |
| F | I | A | N | D | O | H | A | N | I |
| I | L | ● | A | R | ● | I | R | E | |
| T | A | K | I | A | N | A | I | ● | ● |
| R | I | ● | ● | N | ● | I | N | T | I |
| O | N | E | R | O | ● | N | I | ● | Z |
| ● | A | ● | ● | ● | ● | G | ● | A | |
| ● | O | M | B | I | N | A | R | E | O |

## HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro ny tiany ho lazaina.



Valin'ny lalao omaly
SAKAFO MAHAVELONA NO SAFIDIANA

## TENY MIDINA

1- Mpanoritra
2- Tovana
3- Tsy anareo
4- Fahafaham-po
5- Atao tapitra




Valin'ny TENY MIDINA omaly
1- TO
2- OTA
3- ATAO
4- TOAKA
5- LAKATO

## LALAO : TELOMIOVA

Tsipiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misompirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, **atambaro dia ho hitanao ny valiny**

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A | T | S | I | V | A | L | A | N | O |
| D | A | D | O | O | N | N | I | I | N |
| N | N | V | I | A | I | O | T | I | I |
| I | I | O | O | N | V | O | S | N | D |
| S | M | H | O | A | E | A | I | A | A |
| I | E | G | O | T | T | T | D | K | D |
| N | N | V | R | A | E | A | I | I | N |
| A | A | A | R | R | T | B | B | P | A |
| G | A | A | A | O | O | R | F | I | M |
| I | T | K | A | S | I | H | A | N | A |

| | | | |
|---|---|---|---|
| SOBIKA | DADATOA | NIOVAOVA | TANIMENA |
| TOETRA | NISINDA | MANDADI | KASIHANA |
| ARETINI | TARATASI | SORATANA | ANGONINA |
| MPITENI | NIHOATRA | VOATABIA | ATSIVALANO |

Valin'ny lalao omaly : - TONGOTRA - ANTOKA

## NY TONONANDRONAO ANIO ALAROBIA 10 MAY 2023

*Asorotany 15 avrily-14 mey*
Maro ny asa miandry anao amin'ity indray mitoraka ity.

*Alahasaty 15 mey-12 jona*
Fitiavana: Fidifidio ihany ireo olona resahina fa sao misy manana fikasana hafahafa.
Asa: Rehefa manatanteraka asa aza mijery avy hatrany ny habetsany fa ho kamo am-boalohany eo ianao.

*Asombola 13 jona-11 jolay*
Fitiavana: Matetika ny fifampiresahana no tena ilaina amin'ny fianampitiavana.
Asa: Fidio tsara ny andro hakanao "congé" raha te-hiala sasatra.

*Adimizana 12 jolay-10 aogositra*
Fitiavana: Betsaka ny olona manodidina anao no mitsiriritra ny toerana misy anao eo amin'ny fitiavana.
Asa: Mahaiza mikatsaka tsara izay tena mety hahasoa, rehefa hanapakevitra lehibe.

*Alakarabo 11 Aogositra-8 Septambra*
Aza manana hena-maso izany rehefa mitia olona iray.

*Alakaosy 9 septambra-8 oktobra*
Manatona mpitsabo raha toa ka tsy dia manana fahazotoana loatra fa tsy aminao mihitsy izany.

*Adijady 9 oktobra-7 novambra*
Fitiavana: Aza mora taitaitra avy hatrany raha mahita hatsaran-tarehy an'olon-kafa sao hanova zavatra be dia be.
Asa: Na dia betsaka aza fidiram-bola dia hisy olana kely ihany ato ato.

*Adalo 8 novambra-6 desambra*
Asa : Mitadiava zavatra atao vadin'asa fa mety aminao izany.
Fitiavana : Tandremo ny fahasalaman'ny fo amin'ny resaka fitiavana.

*Alohotsy 7 desambra-15 janoary*
Asa: Raiso ny andraikitrao entina hampandroso ny orinasa misy anao.
Fitiavana : Aza mora kivy avy hatrany fa na ny vody tsobika aza hono manan-tandrify.

*Alahamady 16 janoary-14 febroary*
Mety aminao raha ianao mampiasa satria manana toetsaina mibaikobaiko izay ianao.

*Adaoro 15 febroary-15 marsa*
Manana fialamboly betsaka ianareo roa amin'ity faran'ny herinandro koa mahaiza mankafy izany.

*Adizaoza 15 marsa-14 avrily*
Asa: Tsy ampoizin'ny lehibenao ny zava-bitanao amin'ity volana ity.
Fitiavana : Misy olona mitady hanembatsembana ny fiarahanareo fa mila miorana tsara.

## TONDRO-TENY




### Valin'ny tondro-teny omaly

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| S | A | K | A | N | A |
| ● | ● | A | V | A | R |
| M | A | T | O | R | I |
| I | ● | S | ● | I | V |
| A | N | A | L | A | O |
| T | A | K | O | N | ● |
| O | ● | A | T | A | O |

## DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo.
Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. ***Fito*** izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



J.2628 A



J.2628 B

## TENY MIRANDRANA LAHARANA 7565

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

| | | | |
|---|---|---|---|
| IKALA | MIAVOTA | AKANJONI | DIAVINAREO |
| NONOI | TADIDIO | MIPOITRA | IVANTANAKO |
| VONONA | ENDRIKA | APOMBONAI | |
| TOKONI | IAVOTANI | KITAINAREO | |



## KAKURO 538

| | 8 | 37 | 14 | | 7 | 11 | 34 | | 26 | 21 | 6 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 22 | 5 | | | 25\10 | | | | 19 | | | |
| 30 | | | | | | | | 17\7 | | | |
| 22 | | | | | 45\25 | | | | | | |
| | 22\37 | | | | | | | | | 45 | 11 |
| 16 | | | 44\16 | | | 4\17 | | | 30\15 | | |
| 22 | | | | | | | 10\14 | | | | |
| 23 | | | | 10\18 | | | | 16\14 | | | 18 |
| | 3 | 34\23 | | | | 11\16 | | | | | |
| 25 | | | | | | | 29\25 | | | | |
| 7 | | | | 11\20 | | | | | 11\6 | | |
| | 17\28 | | | | | 5\26 | | | | | 12 |
| 34 | | | | | | | | 6 | | | |
| 24 | | | | | 9 | | | 19 | | | |

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray.

*Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.*

## MAHASOA

Miezaha misotro ronono soja iray kopy isan' andro fa manampy amin'ny fitadidiana sady mahasalamana ihany koa.

## AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany




VALIN'NY LALAO OMALY/ TONTONA + BANGOINA + TRATRAKO = TONGOTRA

## RESAK' HEHY

Hoy ilay vehivavy :
- Mariazy madio sy tsotra ny anay.
Hoy ilay vehivavy :
- Tsy azoko ny tianao holazaina madama.
Hoy kosa ilay ramatoa namarana ny teniny.
- Izaho madio ary ny vadiko tsotra kely tamin'ny mariazinay.

Papa Tsilavina Rakotoarisoa

# Hijery ifotony ny olan'ireo mpanasa lamba eny Ampandrana Atsinanana



**Efa nanolotra " bassin " ho an'ny fokontany Andranomahery i Papa Tsilavina Rakotoarisoa. (Tahirin-tsary)**

Tsy ampy ny "bassin" fanasan-damba ! Hidina ifotony hijery ny olana sedrain'ireo mpanasa lamba eny Ampandrana Atsinanana indray i Papa Tsilavina sy ny ekipany anio. Raha ny fanadihadiana efa nataon'izy ireo tokoa manko dia mpanasa lamba ny ankamaroan'ny fitadiavam-bolan'ireo renim-pianakaviana monina eny amin'iny faritra iny. Etsy ankilan'izay anefa, roa monja ny « bassin » azon'izy ireo ampiasaina eny an-toerana amin'izao. Araka ny loharanombaovao voarainay dia efa nisy iray hafa ihany teo aloha, ny « bassin » an'ny miaramila, saingy efa tsy azo nampiasaina intsony io, tao anatin'ny efa-taona izay noho ny olana teo amin'ny fitantanana sy ny fandoavam-bola. Tafiditra ao anatin'ny "Activité Génératrice de Revenu" AGR, ity olana sedrain'ny mponina amin'ny tsy fahampian'ny "bassin" ity, hoy i Papa Tsilavina, ka mila hitadiavana vahaolana mba ho fanampiana ny mponina. Ao anatin'ny ezaka hitadiavan'izy ireo vahaolana amin'izany ny famelomana indray an'io "bassin" tsy niasa nandritra ny efa-taona io. Raha tsiahivina dia efa nanolotra "bassin" ho an'ny mponina teny Ankorondrano Andranomahery i Papa Tsilavina ny volana Martsa teo, ka inoana fa hamaha ny olan'ireto mpanasa lamba eny Ampandrana Atsinanana ireto ihany koa amin'ity.

**Niry R.**


**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 074 - 05 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000


## Nahandro

### Bananes sucrées au lait de côcô

**Zavatra ilaina:** akondro 12, siramamy vovony 500g, ranona côcô 50cl, côcô voakiky 50g.

**Fikarakarana azy**: Avela hiara-kiketrika anaty vilany mandritra ny 15 minitra ny rano iray litatra sy ny siramamy. Voasana ny akondro dia arotsaka anatin'ilay ranon-tsiramamy ary avela hiketrika mandritra ny 10 minitra indray. Alefa ao ihany koa ny ranona côcô. Rehefa izany, esorina ny akondro ary atao anaty lovia. Rarahana ilay vovona côcô voakiky eo amboniny. Atao anaty lovia hafa kosa ilay saosy avy nandrahoana ny akondro dia miaraka aroso izy roa rehefa hihinana. Atao tsindrintsakafo.

## MANAMPY ANAO

### PERMANENCES 06 au 12 mai 2023

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA
- OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

Antsirabe

# 34 taona nijoroana ny FI ZA MI A



**Niforona tamin'ny taona 1989 ny FIZAMIA. (Sary: Andry N)**

FIkambanan'ny ZAnak'i MIraindraiky Antsirabe, na FI ZA MI A, dia fikambanana iray mampivondrona ireo avy amin'ny faritra Atsimo Atsinana monina sy miasa eto Antsirabe. Azo ambara ho isan'ireo fikambanana tranainy indrindra izy ity, satria efa tamin'ny taona 1989 no niforonany voalohany, ary mbola voatazon'ireo taranaka aty aoriana ny fampandehanana azy tao anatin'izay 34 taona nisiany izay. Tsy miditra amin'ny resaka politika ny fikambanana fa natao hifampitsinjovan'ireo mpikambana mivelona sy miaina eto, na an-kasoavana izany na an-karatsiana. Izany rahateo ny antom-pisiany, hoy Atoa Mamelomana Richard, filohan'ny FI ZA MI A. Ankaotra izay dia mandray anjara amin'ny fanentanana ireo tanora hiala amin'ny fidonanam-poana sy fandraisana zava-mahadomelina ny fikambanana ary isan-taona dia tsy diso anjara amin'ny fambolenkazo.

Mahatratra 51 fianakaviana ny mpikambana amin'izao ary entanina ireo izay te hanatevin-daharana ny Fikambanan'ny Zanaky ny Sud Est hiditra ho mpikambana, satria tsimialonjafy ny fikambanana. Isaky ny telo taona no atao ny fifidianana izay ho filoha fa indray isambolana kosa dia misy ny fivorian'ny raim-pianakaviana rehetra mpikambana hanaovana ny tatitra sy hifampizarana vaovao. Notontosaina ny faran'ny heriandro teo kosa ny fifampiarahabana nataon'ny FI ZA MI A teto Antsirabe.

**Andry N.**

Antsirabe

# Nanamarika ny fetin'ny asa ny fisian'ny SKET BE



**Nahasarika olona ny SKET BE. (Sary : Andry N)**

Lalao ara-panatanjahantena nampitondraina ny anarana SKET BE iraisan' ny orinasa no hetsika iray isan'ny nanamarihana ny fetin'ny asa teto Antsirabe ambonivohitra. Ny orinasantserasera Bira Radio tele no tompomarika tamin'ny fikarakarana. Amin'ny maha fifaninana azy izay dia ny asabotsy 27 aprily teo no nanomboka ny hetsika ary tsy nifarana raha tsy omaly 1 may. Teo amin'ny araben' ny fahaleovan-tena no nanatontsosana ny Sket Be. Nahatratra 17 ny orinasa nandray anjara. Ankaotra ny hoe fanamarihana ny fetin' ny asa dia tanjon'ity hetsika ity ihany koa ny fampandrosoana ny lalao basket eto Antsirabe, satria lalao isan'ny mahasarika ny tanora ny basket. Tsiahivina fa vao avy nandray ny lalao nasionaly N1A ny tanànan' Antsirabe vao tsy ela akory izay, ary nahatratra 5 ny klioban'Antsirabe nandray anjara tamin'io lalao nasionaly io. Taranja iray azon'ny lahy sy vavy ifangaroana ihany ny basket, ary isan'ny fitsipika napetraka izany, hoy Ramanatsoa Minomihamina Lantoniaina, tela jeneralin'ny Bira radio tele. Misy ny fiaraha-miasa amin' ny ligim-paritra Antsirabe amin'ny basket teo amin'ny lafiny fitsarana. Andiany voaloha ity hetsika ity, hoy hatrany Mino, ary ezahina ny hanatsarana izany isan-taona.

**Andry N.**

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

HUISSIERS
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

**SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA**

BFV - SOCIÉTÉ GÉNÉRALE, Société Anonyme avec conseil d'administration au capital de 14 000 000 000 MGA, inscrite au RCS D'ANTANANARIVO sous le N° 98b 00 711, N°stat 64191 11 1998 0 10078, nif 2000002711 siège social est sis à 14, Rue Général RABEHEVITRA, Antananarivo 101, inscrite dans liste des banques et établissements financiers sous le N° 008/ba/1998 - Tél. : +261 20 22 206 91 - site : www.societegenerale.mg

# AVIS DE VENTE DE VÉHICULES AU PLUS OFFRANT

**SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA met en vente aux plus offrants les véhicules suivants :**

## PICKUP ZNA**

| MARQUE-MODELE | DATE MISE EN CIRCULATION | INFORMATION TECHNIQUE | LOCALISATION ET CONTACT | PRIX MINIMUM DE VENTE AR TTC |
|---|---|---|---|---|
| **ZNA RICH 62460 WWT** | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, *5places* **- KILOMETRAGE : 41 943 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **TSIROANOMANDIDY**<br>**Contact : 034 02 206 94** | **25 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 8784 TBH** | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 32 141 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **AMBOSITRA**<br>**Contact : 034 05 313 13** | **25 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 62464 WWT** | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 14 494 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **NOSY BE**<br>**Contact : 038 37 414 14** | **25 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 0394 WWT** | 2021 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 21 207 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **MAHAJANGA**<br>**Contact : 034 07 026 62** | **37 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 62459 WWT** | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 35 127- Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **MANANJARY**<br>**Contact : 034 07 031 18** | **25 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 62465 WWT** | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 28 235 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **FIANARANTSOA**<br>**Contact : 034 70 964 68** | **25 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 62463 WWT** | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 37 967 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **ANTSIRABE**<br>**Contact : 038 05 261 53** | **25 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 65733 WWT** | 2019 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 35 447 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **DIEGO**<br>**Contact : 034 05 312 80** | **15 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 65731 WWT** | 2019 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 45 325 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **FARAFANGANA**<br>**Contact : 034 05 040 51** | **15 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 62457 WWT** | 2020 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 37 752 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **25 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 65732 WWT** | 2019 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 19 474 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **15 000 000 AR** |
| **ZNA RICH 9873 TBP** | 2021 | **PICKUP DC 4*4**, 5places **- KILOMETRAGE : 24 542 - Etat : EN BON ETAT**<br>Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **37 000 000 AR** |

## VÉHICULES AMORTIS**

| MARQUE-MODELE | DATE MISE EN CIRCULATION | INFORMATION TECHNIQUE | LOCALISATION ET CONTACT | PRIX MINIMUM DE VENTE AR TTC |
|---|---|---|---|---|
| **SUZUKI VITARA** | 2012 | **SUV 4*4,** 5places Moteur Essence, vitre électrique, avec clim, autoradio, Démarrage sans clé<br>**ETAT : Mauvais** | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **9 800 000 AR** |
| **RENAULT DUSTER 1** | 2010 | **SUV 4*4,** 5places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : accidentée, trains et partie moteur touché, … Carrosserie bon | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **6 500 000 AR** |
| **RENAULT DUSTER 2** | 2011 | **SUV 4*4,** 5 places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : accidentée, trains et partie moteur touché, … Carrosserie moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **5 054 000 AR** |
| **RENAULT DUSTER 3** | 2011 | **SUV 4*4,** 5 places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : probleme ratage et injecteurs, carrosserie bon | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **7 000 000 AR** |
| **RENAULT DUSTER 4** | 2011 | **SUV 4*4,** 5 places Moteur diésel, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé<br>ETAT : problème trains , carrosserie moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **5 000 000 AR** |
| **MITSUBISHI PAJERO** | 2004 | **WAGON 4*4** 7 places, moteur Diésel, semi-électrique, jante alu, autoradio, climatisation, porte bagage<br>ETAT : Carrosserie moyen, problème pompe et trains | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **23 000 000 AR** |
| **CHEVROLET Spark** | 2008 | **Citadine,** 5places ; moteur ESS, BVM, vitres semi électriques, clim, verrouillage centralisé<br>ETAT : problème allumage, carosserie mauvais | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **9 200 000 AR** |
| **CITROEN C4 1** | 2011 | **Citadine** 5places, moteur essence, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, jante ALU, verrouillage centralisé<br>ETAT : Problème allumage, trains, carrosserie moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **7 000 000 AR** |
| **CITROEN C4 2** | 2011 | **Citadine** 5places, moteur essence, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, jante ALU, verrouillage centralisé<br>ETAT : Problème système abs, carosserie bon | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **16 500 000 AR** |
| **NISSAN NP300** | 2013 | **Pickup DC 4*4,** 5places Moteur diésel, vitre manuelle, avec clim, avec autoradio, jante tôle, avec CANOPY<br>ETAT : probleme mécanisme portière, ligne d'echappement, carosserie moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **22 500 000 AR** |
| **HUYNDAI I20** | 2011 | **Citadine** 5places, moteur ESSENCE, vitre électrique, avec clim, avec autoradio, verrouillage centralisé,<br>ETAT : probleme train AV, verrouillage centralisé, carosserie bon | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **14 000 000 AR** |
| **MOTO HONDA 1** | 2013 | 1CV, 125CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **1 200 000 AR** |
| **MOTO HONDA 2** | 2015 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **850 000 AR** |
| **MOTO HONDA 3** | 2017 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **850 000 AR** |
| **MOTO HONDA 4** | 2017 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **850 000 AR** |
| **MOTO HONDA 5** | 2017 | 1CV, 110CC, **monocylindre**<br>ETAT : Moyen, FOURCHE | **ANTANANARIVO**<br>**Contact : 034 59 871 94** | **850 000 AR** |

Ces véhicules sont visibles du lundi au vendredi de 08 heures à 15 heures auprès des agences mentionnées, sur rendez-vous uniquement (contact indiqué pour chaque véhicule).

L'offre financière est à remettre à l'Agence de la **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA indiquée pour chaque voiture**– sous pli fermé avec la mention **« Avis de vente au plus offrant – Véhicules Mai 2023 »**, au plus tard le **mardi 30 mai 2023 à 15 heures**.

Pour les véhicules visibles à Antananarivo, l'offre est à remettre au Siège de la **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA, 14 rue du Général Rabehevitra, Antaninarenina** – A l'attention du **Responsable Logistique** sous pli fermé avec la mention **« Avis de vente au plus offrant – Véhicules Mai 2023 »**, au plus tard le **mardi 30 mai 2023 à 15 heures**

**Tous les véhicules sont vendus en l'état.

G-CL 511/6-1

# SECTEUR D'ACTIVITE DES EXPOSANTS FIM 2023

FIM

Foire Internationale de Madagascar

**Totalement alimentée en énergie solaire**

**Evoluons ensemble**

# 11 - 12 -13 - 14 Mai 2023

ECO Responsable

- ECO RESPONSABILITE
- AGRI/AGROBUSINESS/AGROALIMENTAIRE
- HOTELLERIE/RESTAURATION
- EQUIPEMENT/INDUSTRIEL/MAITENANCE/LOCATION D'ENGIN/PACKAGING
- MINIERE
- ONG/ASSOCIATION
- ETRANGERS
- ENVIRONNEMENT/ENERGIE RENOUVELABLE/FORAGE/TRAITEMENT D'EAU/COSMETIQUE/HE
- ARTISANAT/JOAILLERIE/TEXTILE/MODE
- BANQUE/ASSURANCE/INSTITUTION FINANCIERE
- HABITAT/ENTRETIEN/IMMO/PAYSAGISTE/PEINTURE/DECO/PLASTIQUE
- EDUCATION/FORMATION/SERVICE AUX ENTREPRISES/INCUBATEUR/GROUPEMENT
- COMMUNICATION/EVENEMENTIEL/TELECOM/HIGH-TECH/DIGITAL
- TRANSPORT/LOGISTIQUE/PETROLIER

| ENVIRONNEMENT / ENERGIE RENOUVELABLE/ FORAGE / TRAITEMENT D'EAU/ COSMETIQUE / HUILE ESSENTIELLE | ECO RESPONSABILITE | COMMUNICATION / EVENEMENTIEL/ TELECOM/HIGH-TECH/DIGITAL | EDUCATION / FORMATION / SERVICE AUX ENTREPRISE/ INCUBATEUR/ GROUPEMENT | HABITAT/ENTRETIENS/ IMMO/PAYSAGISTE/ PEINTURE/DEO/PLASTIQUE | ARTISANAT/JOAILLERIE/TEXTILE MODE | TRANSPORT / LOGISTIQUE / PETROLIER |
|---|---|---|---|---|---|---|
| ASSISTANCE MEDICALE - | IMPERIAL BRANDS | Ma TV | SIM | CLUB LE GRAND SOAVINA | GASY RUG | AGS |
| MAM ASSISTANCE | LET'S DO IT | LES NOUVELLES | AMCHAM | CHANDARANA | ACT MAHAFALY | FUNBIKE |
| BAOBAB + | GREEN PARK BEMBARY | PRIMATI | CCIFM | CMG | KINTANA COSMETIQUE | SODIREX |
| LA PLANTATION | DOM'EAU | ARCHIPEL | GPMES | VITAFOAM | MAREK'ART | MOTO STORE |
| BEMASOANDRO | HOPE SERVICE | NEW MAG | PILE ET FACE | IMMO HAZOVATO | LAV'ART ANGANA | SEAL |
| BONSAI, SOLOMON | SAC JEUDI | ISA SOLUTIONS | SIM | HAZOVATO NOSY BE | ROOTS BE | ELYSEE COURTAGE |
| VOHITRA ENVIRONNEMENT | IOPI | TELMA | SMEBLP | THE LAND | TS'ART FIBRE | ETHIOPIAN AIRLINES |
| ALPHA M | LA FORET RETROUVEE | SMART LABS (DEWA) | HUMAN CART'OFFICE | MASTER IMMO | MAGNEVA BIJOUX | IMEX |
| CŒUR DE FORET | MANOVISOA | LE MAKI A BONNE MINE | ECRIM | DECO MAISON | SAHOLY BIJOUX | GROUPE FRAISE |
| MNP | KPOKA DESIGN | DIGITEC | EDUQUE | SOAP MADA | JAO MAHATANA | MBIKE |
| SEKOOL | STAR | AIRTEL | CAMPUS MALAISIE | AE PEINTURE AUTO | NY KANTO | AIR MAURITIUS |
| SOLARMA | NAMAKO NY TANY | BLUELINE | MASTERLIFE | MAKIPLAST | RAPHIART MADA | TOTAL ENERGIE |
| GIC | FANAVOTANA | POINT PRESSE | KENTIA HOLDING | JAO VENANT | MAKETRIKA | ARIVA LOGISTICS |
| ONG HAFA | MI-ARINA | INFO EVENT | ABS | EBEN | SINEGMA | AIR France |
| SAVOKA ECO | BNI | MANAO | SMEBLP | TINTEX | NY KANTO | |
| ORA | USA | HAMAC | MIARAKAP | GUILMANN | | |
| ORANGE MIEL | INDRI | CBL | LABEL MADA | DEWY'S IMMO | | |
| FAPBM | NAMACKO | KADOPUB | ESCM BUSINESS SCHOOL | | | |
| ARTELIA | SEMENCES MADA | GASY NET | FAN EDUCATION | | | |
| TILY MADAGASCAR | FAKOTORY | SMILE BOX | FMFP | | | |
| DOM'EAU | MY GARDEN | LIGHT BOX | | | | |
| IEM | STCV | | | | | |
| TANY BIO | | | | | | |
| POLYCLINIQUE D'ILAFY | | | | | | |
| ENERGIS FD | | | | | | |
| ARCIE FORAGE | | | | | | |
| ANKA | | | | | | |
| MTOMADY | | | | | | |
| NATUROPHARMA | | | | | | |
| GROUPE SIRR | | | | | | |
| MADA GREEN | | | | | | |
| NEA | | | | | | |
| BUSHPROOF | | | | | | |
| TAF | | | | | | |
| BAMBOUSSA | | | | | | |
| ESPRIT D'ENTREPRISE | | | | | | |
| FANALAMANGA | | | | | | |
| MEDD | | | | | | |

| AGRI/ AGRO BUSINESS/ AGRO ALIMENTAIRE | BANQUE / ASSURANCE / INSTITUTION FINANCIERE | ETRANGERS | EQUIPEMENT/ INDUSTRIEL/ MAINTENANCE / LOCATION | ONG / ASSOCIATION | HOTELLERIE / RESTAURATION | MINIERE |
|---|---|---|---|---|---|---|
| STAR | NY HAVANA | PAVILLON MAURICE | EPIC | EFOI MADAGASCAR | LA GASTRO PIZZA | AMBATOVY |
| KINANA | GASY NET | PROJERMO | SITMA | PAM | MADAFOOD | |
| RAMBALAH | BNI | MERVEILLE D'ORIENT | SICMA | WWF | LE LOUVRE | |
| SAVANNA | BMOI | INDONESIE | MADACAN | A-FAM | | |
| SOREDIM | ARO | NGM INTERNATIONAL | TECHNO PET | MIROGOODS | | |
| SODEAM | DGI | N COUTEAUX | SEDIMAT | | | |
| BLOSSOM TEA | FIARO | S FURNITURE | HG | | | |
| PASSION GOURMANDE | BFV | ADIM MAYOTTE | LEGRAND | | | |
| STOI | BOA | | | | | |
| PROJET PURPA | SOLIDIS | | | | | |
| FOOD AND DAIRY | | | | | | |





hazo vato Forello Expo

034 07 212 41 - 034 07 212 47

coordination.expo@hazovato.com


G-CL 503/5-3